Lesona Sekoly Sabata



# *Ireo Endri-pifandraisana* Kristiana

April–Jona 2017

# Fizahan-takelaka

1. Ny Mpamorona sy ny asa famoronanana ....................................5

2. Jesosy Kristy: Ohatra ho antsika ................................................10

3. Ny Fanahy Masina—Andriamanitra Mpitarika antsika ............15

4. Fiarahana manokana amin' Andriamanitra...............................20

5. Miaina amin' ny fitsipika volamena ............................................25

6. Fifidianana namana .........................................................................31

7. Mampaka-bady sy mamoaka ny ampakarina ............................36

8. Ankohonana kristiana .....................................................................41

9. Miaina miaraka amin' ireo havana aman-tsakaiza ....................46

10. Ny ankohonana ao am-piangonana ..........................................52

11. Ny fiangonana: fahazavana iray ho an' izao tontolo izao .........57

12. Fahatokiana eo amin' ny asa aman-draharaha..........................62

13. Ny adidintsika eo amin' ireo fahefana ara-panjakana .............67

*Ny Lesona Sekoly Sabata*, dia fianarana isan' andro, izay mifototra amin' ny Baiboly sy Fanahin' ny Faminaniana ranofotsiny, tsy misy fanampim-panazavana. Natao fohy araka izay azo natao ny fanambarana mba hahazoana hevitra mahitsy sy mazava tsara. Ny fonon-teny ampiasaina tsindraindray dia entina hanamafy ny fanazavana azy, hampivoatra tsara ny tontolon-kevitra, ary mba hampitombona tsara ny fomba famaky azy. amporisihina fatratra ny fandinihana manontolo ny boky nakana hevitra.

# Sasin-teny

Ny toetrantsika dia voaforona amin' ny ampahany betsaka amin' ny alalan' ny fifandraisantsika amin' ny hafa. Andriamanitra no tokony hanana hery miasa mangina betsaka eo amin' ny fiainantsika satria ny fifandraisantsika Aminy dia hisy fiantraikany eo amin' ny fifandraisantsika amin' ny hafa rehetra. Andriamanitra no Mpamorona antsika, ary te ho tonga Mpamonjy antsika sy Mpitarika antsika eo amin' ny fiainana Izy.

"Raha tsy manana finoana velona an' i Kristy amin' ny maha Mpamonjy ny tena manokana Azy Isika, dia tsy ho azontsika atao ny hanana hery miasa mangina amin' ity tontolo mafy loha ity. Tsy afaka hanome ho an' ny hafa izay zavatra tsy ananantsika isika. Arakaraka ny fahafoizana sy fanoloran-tenantsika ho an' i Kristy ihany no ho hery miasa mangina hanarina sy hitahiana ny taranak' olombelona. Raha tsy misy asa tanteraka, tsy misy fitiavana mafana, tsy misy fanandramana mivaingana, dia tsy hisy hery mba hanampy, tsy hisy fifandraisana amin' ny lanitra ary tsy hisy hanitr' i Kristy eo amin' ny fiainana. Raha tsy afaka mampiasa antsika ho fitaovana hikorianan' ny fahamarinana ao amin' i Jesosy ho an' izao tontolo izao ny Fanahy Masina dia ho tonga tahaka ny sira matsatso isika. Amin' ny alalan' ny tsy fahampian' ny fahasovan' i Kristy eo amintsika no hanehoantsika amin' izao tontolo izao fa ny fahamarinana izay dradradradraintsika fa inoantsika dia tsy manana hery manamasina; noho izany, arakaraka ny tsy hananantsika hery miasa mangina no tsy hanehoantsika ny herin' ny Tenin' Andriamanitra."—*The Review and Herald,* July 27, 1905.

"Natao hifamatotra amin' ny fiainan' i Kristy ny fiainantsika; tsy maintsy manatona akaiky dia akaiky Azy isika, miray Aminy, Ilay Mofo velona nidina avy any an-danitra, manatona Ilay loharano mamelombelona mandrakizay, izay manome harena tsy mety ritra. Raha mihazona mandrakariva ny Tompo eo anilantsika isika, ka mamela ny fontsika hipololotra fisaorana sy fiderana Azy, dia hanana famelombelomana tsy tapaka ho an' ny fiainantsika ara-panahy isika. Ny vavaka ataontsika dia haka endrika resaka izay hatao amin' ny sakaizantsika. Hiresaka amintsika manokana ny amin' Ireo misitery ao Aminy Izy. Ary hahatsapa fifaliana mamy amin' ny fanatrehan' i Jesosy mandrakariva isika. Hisy hafanam-po ao anatintsika ao rehefa miray amintsika tahaka ny nataony tamin' i Enoka Izy. Rehefa lasa fanandramana marina eo amin' ny kristiana izany, dia ho hita eo amin' ny fiainany ny fahatsorana, ny fanetren-tena, ny halemem-panahy, ny fahadiovam-po, Izay hampiseho amin' ny olona rehetra hifandraisany fa manana an' i Jesosy izy ary mianatra Aminy."—*Christ's Object Lessons,* pp. 129, 130.

Rehefa manaiky an' i Jesosy ho Mpamonjy sy Namantsika manokana isika, dia hitarika antsika amin' ireo endri-pifandraisantsika hafa rehetra Izy. Hanampy antsika hisafidy amim-pahendrena ireo ho namantsika akaiky Izy. Ho fitahiana ho an' ny namantsika sy fianakaviantsika isika. Hiara-hiasa amin' ireo rahalahy sy anabavintsika ao amin' ny finoana amin' ny famonjena ny hafa isika. Hanaja lalàna sy filaminana isika. Andriamanitra anie hanampy antsika amin' ity telovolana ity eo am-pianarana "Ireo Endri-pifandraisana Kristiana" ka hianarantsika hoe ahoana no ahafahana manangana fifandraisana tsara amin' Andriamanitra sy ireo manodidina antsika, ka haneho ny fitiavan' Andriamanitra amin' ny taranak' olombelona.

*Departemanta Sekoly Sabata ao amin' ny Foibe Eran-tany*

## Fanatitry ny sabata voalohany ho fanitarana ny fiangonan' i Moscou




Moscou no renivohitr' i Rosia, firenena manana velaran-tany lehibe indrindra eto an-tany ary fahasivy be mponina indrindra. Ny fanadihadiana dia nampiseho fa saiky ny 70% amin' ny mponina ao dia kristiana avokoa, ka ny fiangonana Ortodoksa no be mpanaraka indrindra. Ny haben' i Moscou dia mahatonga azy hanana mponina mihoatra ny 20 tapitrisa. Ary io tanàna io no manana fiantsonan' ny fiaran-dalam-by lehibe indrindra ao Rosia sy amin' ireo firenena manodidina azy. Ary isan' andro dia olona an-tapitrisany avy amin' ny firenena maro no mifamezivezy ao.

Nanomboka tamin' ny andro nanjakan' ny Kaominista ny asan' ny fihetseham-panavaozana taty rehefa nisy pasitora nipetraka vonjimaika tao amin' io renivohitra io. Koa satria tsy nahazo alalana hanao fivoriam-bavaka ireo mpino dia tany amin' ny tranon' olon-tsotra no nanaovana izany.

"Misy asa lehibe nomena an' ireo Izay mitondra ny fahamarinana ho any Rosia, ilay itobian' ny olona aman-tapitrisany... Ireo fanahy ireo dia manan-danja eo anatrehan' Andriamanitra tahaka antsika ihany, kanefa ankehitriny izy ireo dia tsy mahalala ny fahamarinana manokana ho an' izao fotoana izao."—*Evangelism,* p. 408.

Tamin' ny taona 2001, dia nisy pasitora iray nalefa hiasa tao amin' io faritra io niaraka tamin' ny ankohonany. Tamin' ny 2002, dia nividy tany efa nisy trano mbola tsy vita tao Moscou ireo mpino.Ary tamin' io taona io ihany dia vitan' izy ireo ny namita izany fanorenana izany ka nanokana izany ho toeram-pivavahana. Rehefa nitombo anefa ny asa, dia lasa foiben' ny Saha ao Rosia io toerana io. Ary tonga hatrany afovoan' i Asia, Belarus sy Latvia ny asa niala avy eo amin' io faritra io.

Nivelatra be ny asa tao amin' izany faritra izany ka tsy antonona intsony an' ireo mpamangy sy olona liana avy amin' ny fiangonana hafa izay tonga manatrika ny fivoriam-bavaka ataonay ny trano fiangonana. Noho izany dia nanapa-kevitra izahay hanitatra ny trano fivavahana.

Amin' izao fotoana izao dia manangana trano fiangonana lehibe kokoa eo amin' izany tany izany izahay. Kanefa tsy ampy ny enti-manana hamitanay an' izany tetik' asa izany. Mila fanohanan amim-bavaka sy ara-bola avy aminareo izahay. Maro ny olona ho afaka hivavaka ao amin' io fiangonana io ka misaotra sahady noho ny fanampianareo! Tianay ny hijery miaraka aminareo ny fahatanterahan' ny teny fikasan' Andriamanitra izay hijery sy hitahy ny fanomezana rehetra ka hihaino ny vavaka rehetra! Misaotra indrindra noho ny fanampianao sy ny fanohananao

*Ny rahalahy sy anabavinareo aty Moscou*

# Ny Mpamorona sy ny asa famoronana

**"Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika; ary aoka izy hanjaka amin' ny hazandrano ao amin' ny ranomasina sy ny voro-manidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin' ny tany" (Genesisy 1: 26).**

"Rehefa rakotra zava-maniry sy feno biby samihafa ny tany, dia noforonin' Andriamanitra ny olona izay sangan' asany sy anton' ny nanaovany izao rehetra izao. Natolony azy ny fanapahana izay rehetra tazan' ny masony."—*Patriarka sy Mpaminany,* p. 19.

**Atolotra hovakiana:** *Patriarka sy Mpaminany,* p. 6–27.

## *Alahady* *26 Martsa*

### 1. NY FIFALIANA AVY AO AMIN' NY FAMORONANA

**a. Ahoana no hamariparitan' ny Baiboly ny zavatra rehetra noforonin' Andriamanitra? Genesisy 1:31.**

---

"Feno hatsaran-tarehy ny tany rehetra raha vao nivoaka avy teo am-pelatanan' ny Mpamorona azy. Havoana sy tendrombohitra, renirano sy farihy mahafinaritra no hita ombieny ombieny…Tany lonaka rakotra ahi-maitso mavana no nanarona ny vohon' ny tany rehetra… Ny endrik' izany rehetra izany, raha natao indray mijery, dia manoatra lavitra noho izay sahan' ny mpanjaka kanto sy mahafinaritra indrindra mety ho hita ankehitriny. Tamim-pigagana fatratra no nibanjinan' ireo anjely izany rehetra izany ary nifaly izy ireo noho ny asa mahatalanjon' Andriamanitra."— *Patriarka sy Mpaminany,* p. 18.

**b. Inona no tokony hitarika antsika hidera an' Andriamanitra? Salamo 139:14.**

---

"Ny porofo tsy azo lavina ny amin' ny fisian' Andriamanitra dia tsy resaka petra-kevitra tsy akory; fa faharesen-dahatra fa manoratra ao am-pontsika Andriamanitra, ary manazava izany amin' ny alalan' ny Teniny. Ao amin' ny heriny velona hita eo amin' ireo asa noforoniny izany porofo izany, izay hitan' ny maso ampahiratin' ny Fanahy Masina."—*Testimonies,* vol. 8, p. 325.

## 2. NY FIKASANA HO AN' ITY TONTOLONTSIKA ITY

**a. Inona no ampianarin' ny Soratra Masina mikasika ny fiandohan' ny voary rehetra? Genesisy 2:4; Kolosiana 1:16.**

"Tsy niasa irery ny Mpanapaka izao rehetra izao teo amin' ny asa mahatalanjona nataony. Nanana mpiara-miasa Izy, dia mpiara-miasa Izay afaka nankasitraka ny Fikasany sy afaka nameno ny Fifaliany tamin' ny fanomezana fiadanana ho an' ny voary rehetra… Tamin' ny alalan' ny Zanany no namoronan' ny Ray ny voary hatrany an-danitra rehetra ."—*Patriarchs and Prophets,* p. 34.

"Niteny Andriamanitra, ary ny Teniny no namorona ny Asany tao amin' ny tontolo rehetra. Ny asa famoronan' Andriamanitra no loharanon-java-tsoa natao ho an' i Jesosy mba hanomezany Fifaliana tsy tapaka an' Andriamanitra."—*Lift Him Up,* p. 66.

**b. Inona no tanjon' Andriamanitra tamin' ny namoronany izao tontolo izao? Isaia 45:18; Apokalypsy 4:11.**

"Namorona ny tany Andriamanitra mba ho fonenan' ny voary masina sy feno fifaliana. Ho tanteraka izany fikasany izany rehefa hohavaozin' ny herin' Andriamanitra ny tany ka ho lavitry ny ota sy ny alahelo, ary fonenana mandrakizain' ireo voaavotra."—*The Adventist Home,* p. 540.

**c. Nanao ahoana no namoronana an' i Adama sy Eva, ary inona no planin' Andriamanitra ho azy ireo? Genesisy 1:26; Salamo 8:5, 6.**

"Noforonina ho endrika sy voninahitr' Andriamanitra (1 Korintiana 11:7) i Adama sy Eva ka nahazo ny fanomezan-tsoa rehetra sahaza ny ho avy mamirapiratra teo anoloan' izy ireo. Tsara tsanganana sy nijoro tsara ara-batana, tsara tarehy tsy nisy nokianina, ny fisehon' izy ireo dia taratry ny fahasalamana tanteraka sy namirapiratry ny fifaliana sy fanantenana, teo amin' ny endrika ivelany dia nitondra ny fitoviana tamin' ny Mpamorona azy izy ireo. Tsy hoe teo amin' ny firafitra ara-batana ihany no nisehoan' io fitoviana io. Fa naneho ny voninahitr' Ilay Mpamorona mihitsy ny fahatakaran-tsaina sy halalin-tsaina nananan' izy ireo. Nomena fahatakaran-tsaina amam-panahy avo izy ireo, natao ambany kely noho ny anjely i Adama sy Eva (Hebreo 2: 7); mba hahatonga azy ireo tsy hoe ho afaka hahatakatra ny hatsaran' ny tontolo hita maso fotsiny ihany, fa mba ho afaka hahatsapa ny adidy sy andraikitra nomena azy ireo."—*Education,* p. 20.

## 3. JEHOVAH, ANDRIAMANITRA VELONA SADY MARINA

**a. Inona no maha samy hafa ny Tompo, Ilay Andriamanitra Marina, amin' ireo andriamanitra hafa rehetra? Jeremia 10:11, 12.**

---

"Ny anaran' Andriamanitra dia voasoratra eo amin' ireo ravin-kazo tsirairay avy, eo amin' ireo vato eny an-tendrombohitra, eo amin' ireo kintana mamirapiratra, eo amin' ny tany sy ny rivotra ary ny lanitra. Ny filaminana sy ny firindran' ny voary rehetra dia nitory tamin' izy ireo ny fahendrena sy ny hery tsy manam-pahataperana."—*Patriarchs and Prophets,* p. 51.

**b. Nahoana Andriamanitra no mitaky ny fankatoavantsika sy ny fanajantsika rehetra ho ambony noho ny zavatra hafa rehetra? Isaia 42:5; 45:5; Salamo 139:13, 15, 16.**

---

"Jehovah, Ilay Mandrakizay,Nisy-ho-azy, Tsy noforonina, Ilay Niandohan' ny zavatra rehetra sy Mihazona ny zavatra rehetra, no Tokana mahazo ny fanajana sy fanompoana ambony indrindra. Tsy azon' ny olombelona atao ny manome ny toerana voalohany eo amin' ny fitiavany sy ny fanompoana ho amin' ny zavatra hafa. Na inona na inona tiavintsika ka mampihena ny fitiavantsika an' Andriamanitra, na manelingelina ny asa fanompoantsika Azy, dia izany zavatra izany no lasa andriamanitsika."— Ibid., p. 305.

**c. Inona no azontsika hianarana avy amin' ny fihetsik' ireo anjely manoloana an' Andriamanitra? Isaia 6:1–3; Salamo 96:8, 4.**

---

"Fanatren-tena sy fanajana fatratra no tokony hameno ny asan' ireo izay manatona eo anatrehan' Andriamanitra. Amin' ny anaran' i Jesosy no ahafahantsika manatona eo anatrehany amin' ny fahatokiana, kanefa tsy tokony hanatona Azy amin' ny toe-tsaina maivamaivana sy feno fieboeboana isika tahaka ireny hoe mitovy laharana amintsika ireny Izy. Maro ireo manatona an' Andriamanitra Lehibe sy Masina ary Tompon' ny Hery rehetra, Izay mipetraka eo amin' ny Hazavana tsy hatonina, tahaka ny fanatona olona mitovy aminy na ambany noho izy aza indraindray. Maro ireo mitondra tena ao an-tranon' Andriamanitra no manao fihetsika izay tsy sahiny aseho akory raha ao an-tranon' ireo mpitondra fanjakana eto an-tany. Tokony hotsaroan' izy ireo fa eo anatrehan' Ilay hiankohofan' ny serafima rehetra sy eo anoloan' Ilay andohalehan' ny anjely rehetra izy ireo. Tsy maintsy hajaina fatratra Andriamanitra; ireo rehetra tena mahatsapa ny Fanatrehany dia handohalika amim-panetren-tena eo Anatrehany."—Ibid., p. 252.

"Ho hita eo amin' ireo lehilahy sy vehivavy tena mpanaraka marina an' i Jesosy ny fitiavana fatratra an' Andriamanitra… Voariny isika, asan' ny Tanany, ary mendrika Azy ny hohajaina sy omem-boninahitra ary tiavina fatratra."—*The Signs of the Times,* March 4, 1897.

## 4. ANDRIAMANITRA MPANOME FIAINANA

**a. Tamin' ny fomba ahoana no nanomezan' Andriamanitra aina an' ilay lehilahy voalohany? Genesisy 2:7. Noho ny fahafahany manome aina dia ahoana no azo hamariparitana an' Andriamanitra? Salamo 36:9.**

---

"Rehefa namorona ny olona tahaka ny Endriny Andriamanitra, dia vita sy nifanaraka tanteraka mihitsy ny vatan' ny olombelona, saingy tsy mbola nisy aina. Avy eo dia nofofonin' Ilay Andriamanitra Tsitoha tamin' ny fofon' ainy izany vatana izany, ka lasa tonga olombelona, niaina sy nisaina ny olona. Ary lasa nihetsika sy niasa ny taova sy ny rafitra rehetra tao amin' ny vatany."—*The Ministry of Healing,* p. 415.

"Ny fitempon' ny fo, ny fikorianan' ny rà, ny hozatra sy ny lalan-drà rehetra ao amin' ny vatana velona, dia voalahatra sy voahetsiky ny Herin' Ilay Andriamanitra manerana ny zavatra rehetra."—Ibid.*,* p. 417.

**b. Inona no ninoan' i Abrahama momba ny fahafahan' Andriamanitra mamerina aina indray? Hebreo 11:19.**

---

"Rehefa tonga teo amin' ny toerana notondroin' Andriamanitra tamin' i Abrahama izy mianaka, dia nanorina alitara teo izy nandahatra ny kitay, vonona ho amin' ny fanaovana fanatitra; nony avy teo dia nampahafantariny an' Isaka ny baikon' Andriamanitra ny amin' ny hanolorana azy hatao fanatitra odorana. Naverimberiny tamin' Isaka ny teny fikasan' Andriamanitra nataony imbetsaka taminy, fa amin' ny alalany no hahatonga azy ho firenena lehibe, ka amin' ny alalan' ny fanarahana ny baikon' Andriamanitra amin' ny hamonoana azy, no hanatanterahany ny teny fikasany, satria afaka manangana azy amin' ny maty Izy."—*The Story of Redemption,* p. 82.

**c. Amin' ny fomba ahoana no hisehoan' izany hery izany rahatrizay? Romana 8:11; 1 Korintiana 15:51–54.**

---

"Hihovitrovitra ny tany rehefa mivoaka avy amin' ny Zanak' Andriamanitra ny feo hiantso ireo olona masina matory. Hamaly ny antso izy ireo ka hivoaka mitafy ny voninahitry ny tsy fahafatesana… Noho izany ireo olo-masina velona sy ireo nitsangana tamin' ny maty dia hanandratra feom-pandresena avo dia avo. Ireo vatana izay nalevina tao amin' ny fasana nitondra ny mariky ny aretina sy ny fahafatesana dia hitsangana ao amin' ny hery sy tsy fahafatesana. Hovaina ao anatin' ny indray mipi-maso ireo olo-masina velona, ka hitsangana hiaraka amin' ireo natsangana ary hitsena ny Tompo eny amin' ny habakabaka."—*Early Writings,* p. 287.

# *Alakamisy* 30 Martsa

## 5. NOFORONINA HO ISAN' NY ANKOHONAN' ANDRIAMANITRA

**a. Ahoana no azo anoritsoritana ny fifandraisan' i Adama tamin' Andriamanitra? Genesisy 1:27; Lioka 3:38. Nanao ahoana ny natiorany talohan' ny fahalavoana?**

---

"Tokony hitondra ny endrik' Andriamanitra ny olona, na eo amin' ny tenany izany na eo amin' ny toetrany. Kristy Ilay Zanak' Andriamanitra irery ihany anefa no tena "endriky ny tenany indrindra", fa ny olona kosa dia natao araka ny tarehiny. Ny toetrany dia araka ny sitrapon' ny Mpamorona azy ary ny sainy dia afaka hahatakatra ny zavatra momba an' Andriamanitra. Nadio ny fitiavany. Na ny faniriany, na ny fitiavany, dia samy tapahin' ny eritreriny avokoa. Masina izy sady sambatra tamin' ny fitondrana ny endrik' Andriamanitra, ary nilefitra tanteraka teo ambanin' ny Sitrapony izy.

"Lava vaventy, bikàna sy tsara tarehy i Adama raha vao vitan' Andriamanitra. Mitomarataratry ny fahasalamana ny tavany, ary feno fahamiramiranana noho ny fifaliana tao am-pony ny endriny.Avo lavitra noho ny tsanganan' olona ankehitriny ny tsanganany. I Eva, na dia ivaiva kokoa noho i Adama aza, dia tsara tarehy indrindra."—*Patriarka sy Mpaminany,* p. 20.

**b. Inona no fahafahana omen' Andriamanitra ny fanahy tsirairay avy? Romana 14:12, 5 (tapany farany)**

---

"Ny lalàm-pitiavana no fototra iorenan' ny fitondran' Andriamanitra, ny fahasambaran' ireo voary manan-tsaina rehetra dia miankina amin' ny fampifanarahany ny tenany amin' izany fitsipika lehiben' ny fahamarinana izany. Fanompoam-pitiavana no irin' Andriamanitra avy amin' ireo voariny rehetra, dia fanompoana vokatry ny fankasitrahana ny Toetrany. Tsy sitrany ny fankatoavana an-tery; ary omeny ny rehetra ny fahafahana misafidy mba ahafahan' izy ireo manompo azy an-tsitrapo."—Ibid.*,* p. 34.

# *Zoma* 31 Martsa

## FAMERENANA ATAON' NY TENA MANOKANA

1. **Ahoana no hahatonga ny fahalalantsika an' Andriamanitra bebe kokoa hisy fiantraikany eo amin' ny fifandraisantsika Aminy?**
2. **Inona no tanjon' Andriamanitra tamin' ny famoronana?**
3. **Ahoana no hahatonga ny fankatoavantsika an' Andriamanitra sy ny Sitrapony hanampy antsika hanaja Azy fatratra?**
4. **Nahoana ny tena fisiantsiaka no tsy maintsy miankina amin' i Jehovah?**
5. **Nahoana isika no nomen' Andriamanitra ny fahafahana misafidy eo amin' ny fifandraisana Aminy?**

# Jesosy Kristy: Ohatra ho antsika

**"Fianarana no nomeko anareo, mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo " (Jaona 13:15).**

"Ny fitiavana an' Andriamanitra, ny hafanam-po ho an' ny Voninahiny, sy ny fitiavana ny taranak' olombelona lavo, no nitarika an' i Jesosy hankety an-tany hijaly sy ho faty. Io no hery nifehy ny fiainany. Io foto-kevitra io no baikoany ho raisintsika.."—*Ilay Fitiavana Mandresy,* p. 347

**Atolotra hovakiana:** *Ilay Fitiavana Mandresy,* p. 58-62, 457-462.

## *Alahady* *2 Aprily*

### 1. JESOSY AMIN' NY MAHA OLONA AZY

**a. Inona ireo toetra tsara nasehon' i Jesosy fony izy tety an-tany? Filipiana 2:8; Lioka 22:42.**

---

"Fitiavana, fiantrana, fahatsorana, eny fiheverana ny hafa, izany no nanehoan' i Jesosy ny toetran' Andriamanitra, ary nanolo-tena hanompo an' Andriamanitra sy ny olona mandrakariva Izy… Tahaka ny naha tao amin' ny maha olombelona an' i Jesosy dia toy izany koa no hitondran' Andriamanitra an' ireo mpanaraka Azy. Amin' ny alalan' ny heriny no ahafahantsika mivelona amin' ny fiainana feno fahadiovana sy ambony izay niainan' ny Mpamonjy."—*Sons and Daughters of God,* p. 21.

**b. Tamin' ny inona no nifantohan' ny fiainan' i Jesosy teto an-tany? Jaona 17:4; 4:34; Salamo 40:8.**

---

"Niaritra ny fitsapana rehetra mety mihatra amintsika Izy. Ary tsy nisy hery nampiasainy ho an' ny tenany izay tsy atolony malalaka ho antsika. Tamin' ny maha olombelona no nisetrany fakam-panahy sy nandreseny, tamin' ny hery izay nomena Azy avy tamin' Andriamanitra. Hoy Izy:"Ny hanao ny Sitraponao Andriamanitra o, no sitrako; ary ny lalànao no ato anatiko. (Salamo 40: 8). Raha nandehandeha nanao soa Izy, ka nanasitrana ireo nampahorian' i Satana, dia nasehony mazava tamin' ny olona ny toetry ny lalàn' Andriamanitra sy ny asa fanompoana ataony. Vavolombelona ny fiainany fa azontsika atao koa ny mankato ny lalàn' Andriamanitra."—*Ilay Fitiavana Mandresy,* p. 15.

## 2. MAMETRAKA AN' ANDRIAMANITRA HO LOHALAHARANA

**a. Inona no tokony hataontsika lohalaharana indrindra eo amin' ny fiainantsika? Matio 6:33; 1 Tesaloniana 2: 11, 12.**

---

"Ny zioga mamehy eo amin' ny fanompoana dia ny lalàn' Andriamanitra, dia ilay lalàna lehibe momba ny fitiavana naseho tao Edena, nambara tao Sinay, ary soratana ao am-po amin' ny alalan' ny fanekena vaovao, lalàna mifehy ny olombelona hanatanteraka amim-pitiavana ny sitrapon' Andriamanitra…'Fa tsy nidina avy tany an-danitra Aho mba hanao ny sitrapoko, fa ny sitrapon' Izay naniraka Ahy'. (Jaona 6:38)…

Mibaiko antsika Izy hikatsaka ny fanjakan' Andriamanitra sy ny fahamarinany, ary ny teny fikasana nataony milaza fa izay rehetra Ilainy amin' ity fiainana ity dia homeny koa ho fanampin' izany."— *Ilay Fitiavana Mandresy,* p. 347, 348

**b. Inona no ilaina mba hanarahana tanteraka an' Andriamanitra? Jeremia 29:13; Lioka 14:33; Galatiana 2:20.**

---

"Tadiavo amin' ny fo rehetra Andriamanitra… amin' ny fahatsoram-po, amin' ny fanahy mangetaheta, mitomania eo anatrehan' Andriamanitra. Miadia miaraka amin' ireo anjelin' ny lanitra mandra-pahazoanao ny fandresena. Apetraho eo amin' ny Tompo ny momba ny tenanao rehetra, ny fanahy, ny vatana, ny saina, ary maneke ho fitaovana masina haneho ny Fitiavany, hohetsehan' ny Sitrapony, hofehezin' ny Fisainany ary ho tafaray amin' ny Fanahiny Masina."—*Our High Calling,* p. 131.

**c. Inona no vokatra tsara rehefa miditra lalina amin' ny fifandraisana amin' Andriamanitra isika ka mametraka ny momba antsika rehetra eo Aminy? Isaia 26:3; Matio 5:16.**

---

"Izay mandray an' i Kristy amin' ny teniny ka mampilefitra ny fanahiny sy ny fiainany, dia hahita fiadanana sy fahatoniana. Tsy misy na inona na inona eto amin' izao tontolo izao izay mety hampalahelo ny olona rehefa Jesosy no tonga hampifaly azy amin' ny fanatrehany. Ny saina tsy miovaova dia arovanao amin' ny fiadanana tanteraka… Mety hitovy amin' ny volon' ondry misavorovoro ny fiainantsika; nefa raha manankina ny tenantsika amin' llay Mpampiasa hendry sady mahay isika, dia ataony vita filamatra ho fanomezam-boninahitra Azy ny fiainana sy ny toetra amam-panahintsika."—Ilay Fitiavana Mandresy, p. 349

## 3. FIAINANA MANOMPO AM-PITIAVANA

**a. Inona ireo filamatra fototra anankiroa amin' ny maha kristiana? Matio 22:36–40. Ahoana ho ahafahantsika maneho fitiavana amin' ireo mpiara-belona amintsika? Lioka 10:29–37.**

---

"Tamin' ny tantarana' ilay samaritana tsara fanahy no nanehoan' ny Tompo an' ohatra ny toetoetry ny tena fivavahana marina. Nasehony fa tsy mifototra amin' ny rafitra, na saranga, na fombam-pivavahana izany, fa amin' ny fanehoana fitiavana amin' ny asa fanaovan-tsoa, amin' ny fitondrana ny zavatra tsara sy lehibe indrindra ho an' ny hafa, amin' ny fanaovana asa tsara amin-kitsipo…

"Ny ho avin' ny olona iray dia voafaritra amin' ny alalan' ny fankatoavany ny lalàna rehetra. Fitiavana fara-tampony ho an' Andriamanitra sy fitivana tsy miangatra ho an' ny namana no foto-kevitra tokony ho entina miaina eo amin' ny fiainana."—*The Desire of Ages,* pp. 497, 498.

**b. Inona no tokony ho fototra ijoroantsika amin' ny fiainam-panompoana eto amin' izao tontolo izao? 1 Jaona 4:11, 12; 3:16–18.**

---

"Ny kristiana iray miditra lalina amin' ny fivavahany dia manao asa sy hetsika avy amin' ny fo lalina babon' ny Tompony. Avy amin' ny fitiavany an' i Kristy no hivoahan' ny fiheverana tsy misy fitiavan-tena an' ireo rahalahiny. Fitiavana…no mitomarataratra eo amin' ny fitondran-tenany sy mifehy ny feo avoakany; manatsara sy manandratra avo ny maha olona iray manontolo izany fitiavana izany."—*The Ministry of Healing,* p. 490.

**c. Inona no iraka notanterahan' i Jesosy teo amin' ny fiainany? Lioka 19:10.**

"Hatramin' ny fahazazany dia tokana ny tarigetrany teo amin' ny fiainana: hivelona ho fitahiana ny hafa."—*The Desire of Ages,* p. 70.

"Niasa Jesosy hanamaivana ny fahoriana rehetra hitany. Tsy nanam-bola firy omena Izy, nefa matetika dia nahafoy ny tsy hihinan-kanina, mba hanamaivanany ny fahorian' ireo izay hitany fa sahirana noho izy… Nanana fahaizana mifandray amin' ny hafa izay nanan' izy rehetra Izy, na niriany hananana koa. Rehefa nanao teny henjana tamin' ny mahantra sy ny olona mivarilavo izy ireo, dia notadiavin' i Jesosy ireo olona ireo indrindra, ka nanaovany teny fampaherezana. Izay sahirana dia nomeny rano mangatsiaka iray kapoaka ka napetrany tamim-pahalemem-panahy teo an-tanan' izy ireo ny anjara haniny. Raha nanamaivana ny fahorian' izy ireo Izy, dia niaraka tamin' ny asam-pamindram-po nataony ny fahamarinana nampianariny, koa noho izany dia tafalentika lalina tao antsain' izy ireo izany."—*Ilay Fitiavana Mandresy,* p. 76

## *Alarobia* — *5 Aprily*

### 4. MIASA HO AN’ NY FILANA ARA-PANAHIN’ NY HAFA

**a. Inona no toetra ilaintsika mba ahafahantsika miasa ho an’ ny hafa tahaka ny nataon’ i Jesosy? Filipiana 2:5–8; Lioka 22:26; Matio 23:11, 12.**

“Teo amin’ ny fiainany sy ny lesona nataony Kristy dia nanome ohatra tonga lafatra ny amin’ ny fanompoana tsy mihevitra ny “izaho”, izay Andriamanitra no iaviany. Tsy nivelona ho an’ ny Tenany Andriamanitra. Ny nanorenany an’ izao tontolo izao, sy ny itazonany ny zavatra rehetra, dia hiasany tsy an-kijanona ho an’ ny hafa. “Fa Izy mampiposaka ny masoandrony amin’ ny ratsy fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin’ ny marina sy ny tsy marina”. (>Matio 5:45). Nankinin’ Andriamanitra tamin’ ny Zanany io tarigetran’ ny asa fanompoana io. Nomena Jesosy mba hijoro ho filohan’ ny maha olombelona, mba ahazoany mampianatra ny atao hoe manompo amin’ ny alalan’ ny ohatra nomeny. Teo ambanin’ ny lalàn’ ny fanompoana ny fiainany manontolo. Nanompo ny rehetra Izy, niasa ho an’ ny rehetra. Toy izany no nivelomany ny lalàn’ Andriamanitra, ary naseho ny tamin’ ny ohatra nomeny ny fomba tokony hankatoavantsika izany.”—*Ilay Fitiavana Mandresy,* p. 698.

**b. Karazan’ olona manao ahoana no tena namporisihan’ i Jesosy manokana hanatona Azy mba hampiana? Marka 10:13–16.**

“Ny zaza izay nentina nifandray taminy dia nahitan’ i Jesosy ny lehilahy sy vehivavy izay handova ny fahasoavany sy ho anisan’ ny fanjakany... Nidina teo amin’ izay nisy azy ireo Izy tamin’ ny fampianarany. Ilay Andrianan’ ny lanitra dia tsy nanao ho zavatra tsinontsinona ny hamaly ny fanontaniany, ka namorainy ny lesona lehibe nataony mba hifanaraka amin’ ny sain’ izy ireo mbola zaza. Novoleny tao an-tsain’ izy ireo ny voan’ ny fahamarinana, izay hitsimoka amin’ ny taona manaraka, ka hitondra vokatra ho amin’ ny fiainana mandrakizay.”—*Ilay Fitiavana Mandresy,* pp. 549.

**c. Amin’ iza ihany koa no tian’ i Jesosy hiasantsika? Lioka 5:32.**

“Tonga hisolo tena ny Ray amin’ ny fitondrana ny hafatry ny fanantenana sy famonjena ho an’ izao tontolo izao Jesosy. Tsy nivelona ho an’ ny Tenany Izy; Tsy nanaraka izay metimety aminy sy mahafaly Azy Izy; tsy nilefitra teo amin’ ny fakam-panahy Izy, ary nanaiky hidina hatrany amin’ ny fahatesana aza Izy mba hahatonga ny olombelona mpanota ho afaka ny ho voavonjy, ka hivelona mandrakizay ao amin’ ilay trano efa nomaniny ho azy ireo. Ny iraka notanterahany dia ny hampianatra ireo fanahy maty tao amin’ ny fahotany.

“Izany asa izany no apetrak’ i Kristy eo amin’ ireo rehetra izay nantsoiny .”—*Lift Him Up,* p. 208.

## *Alakamisy* — 6 Aprily

### 5. MIASA AMIN' NY ALALANTSIKA ANDRIAMANITRA

**a. Inona no loharan' ny hery nananan'i Jesosy? Jaona 14:10.**

---

"Raha mitoetra ao amin' ny fontsika Kristy, dia hiasa ao anatintsika Izy "na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony"(Filipiana 2:13). Tokony hiasa tahaka ny niasany isika; tokony hampiseho toetsaina mitovy tamin' ny Azy isika. Noho izany, amin' ny fitiavantsika Azy sy fialofantsika ao Aminy, dia "hitombo amin' ny zavatra rehetra ho amin' Izay Loha isika, dia Kristy"(Efesiana 4: 15)."—*Steps to Christ,* p. 75.

**b. Ahoana no ahafahantsika manana izany fanandramana izany koa, ary inona ny ho vokatr' izany? Jaona 15:7.**

---

"Raha miray amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona , fa ho tonga aminareo Izany". Rehefa mivavaka ianao dia avereno io teny fikasana io. Tombotsoa ho antsika ny ahafahantsika manatona Azy amin' ny fahatokiana masina. Raha amin' ny fahatsoram-po no angatahantsika Aminy mba hampamirapiratany ny fahazavany ao amintsika, dia hihaino sy hamaly antsika Izy. Kanefa mila mivelona mifanaraka amin' ny vavaka ataontsika isika, satria tsy hisy dikany izany raha miaina mifanohitra amin' izany isika."—*Child Guidance,* p. 499.

"Aoka ho azonao antoka fa ao aminao Kristy, aoka ho torotoro sy hilefitra ary hietry ny fonao. Ireo manetry tena sy torotoro fo ihany no eken' Andriamanitra. Ny lanitra dia mitaky ezaka mafy tsy an-kiato, eny, mitaky ny zavatra rehetra mihitsy izany. Hanampy anao amin' ny ezaka rehetra ataonao Andriamanitra raha mialoka ao Aminy ihany ianao."—*Testimonies,* vol. 4, p. 259.

## *Zoma* — 7 Aprily

### FAMERENANA ATAON' NY TENA MANOKANA

1. **Tamin' ny fomba ahoana no nanehoan' i Jesosy ny toetran' Andriamanitra fony izy teto an-tany?**
2. **Ahoana no ahazoantsika fiadanana sy fitsaharana izay Andriamanitra irery ihany no afaka manome azy ?**
3. **Mitarika amin' ny inona ny fitiavana an' Andriamanitra? Ary manao ahoana no fomba hisehoan' izany fitiavana izany?**
4. **Inona no zavatra hitan' i Jesosy teo amin' ireo ankizy nentina teo Aminy? Nanao ahoana ny fomba niasany tamin' izy ireo?**
5. **Inona no hevitry ny hoe:' miaina mifanaraka amin' ny vavaka ataontsika'?**

# Ny Fanahy Masina—Andriamanitra Mpitarika antsika

**"Fa na mivily ho amin'ny ankavanana ianao, na mivily ho amin'ny ankavia,ny sofinao dia handre teny ao ivohonao manao hoe:"Ity no lalana, ka andehano." (Isaia 30:21).**

"Voaentan' ny fangorahana ny taranak' olombelona ny Maha-Andriamanitra. Ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina dia samy nanolo-tena tamin' ny famolavolana ny drafi-pamonjena."—*God's Amazing Grace,* p. 190.

**Atolotra hovakiana:** *Vavolombelona Mahery,* p. 43–51;
*Our High Calling,* pp. 150–154.

## *Alahady* *9 Aprily*

### 1. ILAY PERSONA FAHATELO AMIN' NY ANDRIAMANITRA

**a. Ahoana no ahafantarantsika fa manana ny maha-izy azy ny Fanahy Masina? 1 Korintiana 2:11; Romana 8:16, 26.**

---

"Ny Fanahy Masina dia manana ny maha izy azy, raha tsy izany dia tsy ho afaka hiaraka sy hilaza ao amin' ny fanahintsika Izy mba hanambara fa zanak' Andriamanitra isika. Andriamanitra ihany koa Izy, raha tsy izany dia tsy ho afaka hamantatra ny tsiambaratelo miafina ao an-tsain' Andriamanitra."—*Evangelism,* p. 617.

"Ilaintsika ny mahatakatra fa ny Fanahy Masina, izay persona iray tahaka an' Andriamanitra, dia mandeha araka ny fiheviny. . . . [Avy amin'ny lahateny ho an'ny mpianatra tao amin'ny Sekoly Avondale.]"—Ibid., p. 616.

**b. Iza avy ireo anarana telo anaovana batisa ny olona iray, nahoana? Matio 28:19.**

---

"Misy persona telo velona an' ny lanitra izay miaraka [trio]; amin' ny anaran' ireo hery lehibe telo ireo—ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina—ireo izay mandray an' i Kristy amin' ny alalan' ny finoana velona dia atao batisa, ary ireo hery ireo dia hifarimbona amin' ireo fanahy mankato amin' ny ezaka atao hiainan' izy ireo ny fiainam-baovao ao amin' i Kristy."—Ibid., p. 615.

## 2. MPAMPIANATRA AVY ANY AN-DANITRA

**a. Inona no anarana hafa omena ny Fanahy Masina ao amin' ny Soratra Masina, ary inona no asa ataony ho antsika? Jaona 14:16, 26.**

---

"Ilay Mpananatra dia antsoina hoe 'Fanahin' ny fahamarinana'. Mamaritra sy mihazona ny fahamarinana no asany. Mitoetra ao am-po amin' ny maha Fanahin' ny fahamarinana aloha Izy, ary avy eo dia tonga Mpampionona. Misy hery sy fiadanana ao amin' ny fahamarinana, ao amin' ny lainga kosa dia tsy misy fiadanana marina na fahamarinana. Mahazo fahefana eo amin' ny fanahy Satana amin' ny alalan' ny fampianarana sy ireo fanao diso. Amin' ny fitaomana ny olona ho amin' ny fitsipika diso no hanimbany ny toetra. Avy ao amin' ny Soratra Masina no itenenan' ny Fanahy ao amin' ny saina, ary manoratra ny fahamarinana ao am-po. Amin' izany no anehoany ny fahadisoana, ary mandroaka izany avy ao amin' ny fanahy Izy. Amin'ny alalan'ny ny Fanahin'ny fahamarinana, izay miasa avy ao amin' ny tenin'Andriamanitra, no ampaneken' i Kristy ny vahoaka voafidiny ho Azy"—*The Desire of Ages,* p. 671.

**b. Ahoana koa no maha mpanoro lalana ny Fanahy masina? Jaona 16:13.**

---

"Raha maniry ny hovolavolaina ny olombelona, dia ho entina hohamasinina ny momba azy manontolo. Homarihin' ny Fanahy eo amin' ny saintsika ireo zavatra momba an' Andriamanitra. Amin' ny alalan' ny heriny dia hazava tokoa ny lalan' ny fiainana ka tsy misy olona ho very amin' izany."—*The Acts of the Apostles,* p. 53.

"Isika dia tokony hivavaka marina amin' Ilay 'mamantatra ny zavatra rehetra, na dia ny saina lalina an' Andriamanitra aza,' Izy Ilay tompon' andraikitra amin' ny fitondrana ny zavatra rehetra ao amin' ny fitadidian' ny vahoakan' Andriamanitra, ary mitarika azy ho amin' ny marina rehetra, anie hiaraka amintsika amin' ny fandalinana ny Teniny Masina."—*Testimonies to Ministers,* p. 111.

**c. Inona no fomba iray anoratan' ny Fanahy Masina ny fahamarinana ao an-tsaintsika? Lioka 24:32.**

---

"Ny fampanantenana ny Fanahy Masina taorian' ny niakarany tany amin' ny Rainy, dia miasa mandrakariva mba hisarika ny fahalianantsika ho amin' ilay sorona lehibe natao teo amin' ny hazo fijalian' i Kalvary, sy haneho amin' izao tontolo izao ny fitiavan' Andriamanitra ny olombelona, ary hanokatra ireo zava-tsarobidy ao amin' ny Soratra Masina ho an' ny fanahy voaheloka."—*Reflecting Christ,* p. 132.

## 3. FITAOVANA IRAY MANAVAO

**a. Lazalazao ny fiasan' ny Fanahy. Jaona 3:8.**

"Na dia tsy afaka mahita ny Fanahin' Andriamanitra aza isika, dia fantatsika fa vokatry ny asany dia resy lahatra sy miova fo ny olona iray izay efa matin' ny fandikan-dalana. Ny adala sy ny mpivadibadika dia tonga hendry. Ireo mafy fo dia mibebaka ny fahotany, ary ny tsy mana-mpinoana tonga mino. Ny mpiloka sy ny mpimamo ary ny mpijangajanga, dia tonga, matotra, mahono-tena, ary madio. Ny mpikomy sy maditra, tonga malemy fanahy ary araka an' i Kristy. Rehefa mahita ireo fiovana eo amin' ny toetra ireo isika, dia mahazo matoky fa ny hery manova avy amin' Andriamanitra dia manova ny olona iray manontolo. Tsy hitantsika ny Fanahy Masina, kanefa hitantsika ny porofon' ny asany amin' ny fiovam-pon' ireo mpanota matevin-koditra. Tahaka ny rivotra izay mitsoka ka mampihetsika ny ravin-kazo sy mampihintsana azy ireny, dia toy izany koa, ny Fanahy Masina izay afaka miasa ao am-po, tsy misy olombelona voafetra afaka mametra ny asan' Andriamanitra."—*Evangelism,* p. 288.

**b. Ahoana no hanairan' ny Fanahy ny fo? Jaona 16:8.**

"Rehefa ampitoerin' ny Fanahy ao am-po ny fahamarinana, dia izay vao manafaingana ny fahatsapan-tena na manova ny fiainana izy. Mety ho mahay mamelabelatra ny hafatra avy ao amin' ny Tenin' Andriamanitra ny mpitandrina; kanefa dia tsy hitrebona ireo voan' ny filazantsara izay nafafy raha tsy hafainganin' ny Fanahin' ny lanitra ny fahavelomany. Tsy misy fanabeazana, tsy misy tombotsoa, na lehibe manao ahoana, afaka hanokatra ny lalan' ny fahazavana raha tsy misy fiaraha-miasa amin' ny Fanahin' Andriamanitra."—*Gospel Workers,* p. 284.

"Iza, raha tsy ny Fanahy Masina irery ihany no afaka maneho ao amin' ny saina ny fitsipi-pitondrantena mahitsy, sy mandresy lahatra ny amin' ny ota, ary mamokatra ny alahelo araka an' Andriamanitra izay miasa hananana fanenenana sy mitarika ho amin' ny fibebahana, manosika ho amin' ny finoana Ilay hany afaka mamonjy amin' ny fahotana rehetra?"—*Reflecting Christ,* p. 132.

"Inona moa no ho vokatra azontsika, na dia nanetry tena aza ny Zanaka lahitokan' Andriamanitra, niaritra ireo fakam-panahy avy amin' ilay fahavalo fetsy, niady taminy nandritra ny fiainany manontolo teto an-tany, ary maty ho an' ny tsy marina Izy izay marina mba tsy ho very ny olombelona, kanefa tsy nomena ho antsika ny Fanahy Masina, manao asa maharitra, mpanavao mba hampahomby eo amintsika ny asa notanterahan' ny Mpanavotra izao tontolo izao?"—*Selected Messages,* bk. 3, p. 137.

## 4. NY ASAN' NY FANAHY AO AMIN' NY FO

**a. Ahoana no anosehan' ny Fanahy Masina antsika hanao ny marina? Isaia 30:21.**

"Tsy ho tafitohina na ho lavo izay manao ny sitrapon' Andriamanitra, dia izay mandeha amin' ny lalana nosoritany. Ny fahazavan' Ilay Fanahy mpitarika avy amin' Andriamanitra dia hanome azy fahatakarana mazava ny adidiny, ary hitarika azy marina ambara-paha vitan' ny asany."—*The Desire of Ages,* p. 527.

"Kanefa ireo izay maniry ny ho marina amin' i Kristy dia hihaino ny feo izay manao hoe: 'Inty no lalana ka andehano' (Isaia 30:21). Hanapa-kevitra hanaraka ny lalan' ny fahamarinana izy ireo, na dia sarotra sy mafy kokoa noho ny lalan' ny fony aza izany."—*That I May Know Him,* p. 251.

**b. Ahoana no anampian' ny Fanahy antsika amin' ny fahalementsika? Romana 8:26.**

"Kristy, ilay Mpanalalana sy ny Fanahy Masina dia tsy mitsahatra manao fanelanelanana hanamarina ny olona, kanefa tsy tahaka ny fitalahoana ataon' i Kristy izay manolotra ny ràny hatramin' ny nanorenana izao tontolo izao no ataon' ny Fanahy; fa ny Fanahy miasa ao am-pontsika, mitarika antsika hivavaka sy hampahory tena, hidera sy hanao asa soa. Ny fankasitrahana izay mipololotra eo amin' ny molotsika dia vokatry ny mozikan' ny fanahintsika izay tendren' ny Fanahy Masina avy ao amin' ireo eritreritra masina, mamoha ny mozikan' ny fo."—*The SDA Bible Commentary* [E. G. White Comments], vol. 6, pp. 1077, 1078.

**c. Inona no anjara asa tanan' ny Fanahy eo amin' ny fiovam-pontsika? Ezekiela 36:25–27.**

"Mety ho mambry ny fiangonana ny olona, ary mety toa miasa mafy, mahavita andraikitra maro taona maro misesy, nefa mbola tsy voaova fo. . . . Kanefa rehefa noraisin' ny fo araka ny maha izy azy ny fahamarinana, dia nanavatsava ny fieritreretana izany, ary nifehy ny saina amin' ny ireo fitsipika madio. Ampitoerin' ny Fanahy Masina ao am-po izany. Izy no maneho amin' ny saina ny hatsarany, ary dia hita eo amin' ny toetra ny hery manova ananany."—*Reflecting Christ,* p. 217.

# *Alakamisy* 13 Aprily

## 5. TSY MISY FANAMELOHANA

**a. Inona no voasoratra mahakasika ny toerantsika eo amin' Andriamanitra rehefa tarihin' ny Fanahy masina isika? Romans 8:1.**

---

"Tsy tompon' ny tenanareo intsony ianareo, fa olom-boavidy ianareo. Fa fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana anareo. . . fa ny ra soan'i Kristy, toy ny ran'ny zanak'ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina' (1 Petera 1:18, 19). Amin' ny alalan' izany asa tsara dia ny finoana an' Andriamanitra izany, dia ateraky ny Fanahy Masina ao am-pontsika ny fiainam-baovao. Zaza teraka ao amin' ny ankohonan' Andriamanitra ianao, ary tiany toy ny itiavany ny Zanany ianao.

"Efa nanolo-tena ho an' i Jesosy ianao izao, aza mihemotra intsony, aza misaraka Aminy, lazao isan' andro hoe: 'an' i Kristy aho, efa nanolo-tena ho Azy aho; ary angataho Izy hanome anao ny Fanahiny sy hihazona anao amin' ny fahasoavany. Ary satria tamin' ny fanoloran-tenanao ho an' Andriamanitra, sy ny finoana Azy, no nahatonga anao ho zanany, dia aoka ho velona ao Aminy ianao. Ny apostoly dia nilaza hoe: 'Koa tahaka ny nandraisanareo an'i Kristy Jesosy Tompo, dia mandehana ao aminy araka izany koa.' Kolosiana 2:6."—*Steps to Christ,* pp. 51, 52.

**b. Fifandraisana ety manao ahoana re no hisy eo amintsika sy Jesosy? Matio 10:20.**

---

"Satria Kristy no miasa ao anatinareo, dia haneho toe-panahy sy asa tsara mitovy Aminy hianareo ,asam-pahamarinana, fankatoavana. . . .

"Ny hany loharanom-panantenana ho antsika dia ny fahamarinan' i Kristy izay zaraina ho antsika, sy ny asa tanterahin' ny Fanahiny ao anatintsika sy amin' ny alalantsika."—Ibid*.,* p. 63.

# *Zoma* 14 Aprily

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Inona no fifandraisan' ny Fanahy Masina amin 'ny Ray sy ny Zanaka?**
2. **Ahona no fiasan' ny Fanahy Masina mba hampitoetra ny fahamarinana ao an-tsaintsika?**
3. **Ahoana no ahafantarantsika fa miasa eo amin' ny fiainan' ny olona iray ny Fanahy Masina?**
4. **Amin' ny fomba ahoana no angatahan' ny Fanahy Masina ho antsika?**
5. **Satria miteraka fiainam-baovao ao am-po ny Fanahy Masina, dia mitarika antsika hanao inona izany?**

# Fiarahana manokana amin' Andriamanitra

**"Andramo ka izahao fa tsara Jehovah;sambatra izay olona mialoka aminy." (Salamo 34:8).**

"Maniry ny hamerina ny endriny eo aminao Andriamanitra. Minoa fa Izy no Mpanampy anao. Manapaha hevitra hifankazatra Aminy. Raha manatona Azy amin' ny fiekena sy fibebahana ianao, dia hanatona anao miaraka amin' ny famindram-po sy famelana Izy."—*The Review and Herald,* February 15, 1912.

**Atolotra hovakiana:** *Education,* p. 253–261.

## *Alahady* *16 Aprily*

### 1. FIOVAM-PO

**a. Manao ahoana ny fontsika ankehitriny, ary inona no solony tian' Andriamanitra homena antsika? Jeremia 17:9; Ezekiela 36:26.**

---

"Rehefa miresaka momba ny fo vaovao Jesosy, dia milaza ny saina, ny fiainana, ary ny zava-drehetra Izy.

Mba hisian' ny fiovam-po dia sintonina hiala amin' izao tontolo izao ny fitiavana, ary afatotra amin' i Kristy. Ny manana fo vaovao dia manana saina vaovao, tanjona vaovao, hery manosika vaovao. Inona no famantarana ny fo vaovao?-fiainana voaova. Isan' andro, isan' ora dia maty ny fitiavan-tena sy ny avonavona."—*God's Amazing Grace,* p. 100.

**b. Inona no fanandramana tian' Andriamanitra hananantsika amin' ny fandraisana fo vaovao? Joba 22:21; Jeremia 24:7.**

---

"Na inona na inona fikarohana ataontsika arahin' ny tanjona matotra te ho tody amin' ny fahamarinana; dia ampifandraisina amin' Ilay Fahendrena tsy hita maso sy mahery isika, Izy dia miasa ao anatintsika sy amin' ny alalantsika. Ampiraisina amin' ny fanahin' Andriamanitra ny fanahin' ny olombelona, ny voafetra akambana amin' ny tsy voafetra. Tsy voavinavina ny fiantraikan' izany fikambanana izany eo amin' ny tena. "Ao amin' izany firaisana izany no misy ny fanabeazana ambony indrindra."—*My Life Today,* p. 264.

## 2. MITOKY AMIN' ANDRIAMANITRA TOY NY RAY

**a. Inona ireo ohatra avy ao amin' ny Soratra Masina maneho fitokisana ambony? Lioka 23:46; Genesisy 22:7–9.**

---

"Tao anatin' ny haizina mahatahotra, toa nafoin' Andriamanitra, dia nosotroin' i Jesosy ny faran' ny kapoaky ny loza ho an' ny olombelona. Tao anatin' ireo ora mahatahotra ireo, dia niankina tamin' ny porofon' ny faneken' ny Rainy Azy Izy hamela ny helony. Fantany ny toetran' ny Rainy; fantany ny fahamarinany, ny famindrampony, ary ny fitiavany lehibe. Tamin' ny alalan' ny finoana dia nitoetra tao amin' Ilay nankatoaviny am-pifalina Izy. Ary tamin' ny fanekena nataon' ny Tenany tamin' Andriamanitra, dia nisinda ny fahatsapany ny fandaozan' ny Rainy. Tamin' ny alalan' ny finoana dia mpandresy i Kristy."—*The Desire of Ages,* p. 756.

**b. Miteraka inona ny fitokiana? Ohabolana 3:5, 6.**

---

"Ry mpiray fanantenana, raha mandia ny lalanao mamakivaky izao tontolo izao ianao,miankina amin' ny fahalalan' ny tenanao, dia hijinja alahelo sy fahadisoam-panantenana ianao. Matokia ny Tompo amin' ny fonao rehetra, dia hitarika ny dianao amin' ny fahendrena Izy, ary ho voaaro ny tombotsoanao eto amin' izao tany izao sy ilay ho avy."—*Testimonies,* vol. 5, p. 427.

**c. Any amin' iza no tokony hironan' ny fitokiantsika, ary inona no toro-hevitra omen' Andriamanitra antsika? Salamo 118:8, 9; Ohabolana 29:25.**

---

"Na inona na inona no toerana tantantsika eo amin' ny fiainana, na inona raharahantsika, dia tsy maintsy mietry fatratra isika mba hahatsapa ny filantsika fanampiana; tsy maintsy miankina tanteraka amin' ny fampianaran' ny Tenin' Andriamanitra isika, mikatsaka ny hahalala ny sitrapony amin' ny zavatra rehetra , ary mahatoky amin' ny fampidinana ny fanahintsika ao amin' ny vavaka."—Ibid.

"Ny tsirairay avy dia tsy maintsy mikatsaka ny hahalala ny Tenin' Andriamanitra ho azy amin' ny alalan' ny vavaka mahery, ary hampihatra izany. . . . Ento eo amin' ny Tompo ny entanao rehetra, na iarahana amin' ny be sy ny maro izany na manokana, ary miandrasa Azy. Hanao fanandramana manokana ianao amin' izany, fahatsapana ny fanatrehany ary ny fahavononany hihaino ny vavakao. Homeny fahendrena sy toro-lalana ianao mba hananana fanantenana sy toky fa hamonjy anao Izy amin' ny fahoriana."—*This Day With God,* p. 82.

## 3. MANDANY FOTOANA MIARAKA AMIN' ANDRIAMANITRA

**a. Inona no fanandramana tian' ny Tompo hiainantsika amin' ny fianarana ny Baiboly? Jeremia 15:16; Salamo 34:8.**

---

"Ny fanahy vokin' ny mofon' ny fiainana dia hanana ny fahalalana matanjaka rehetra avy amin' ny Fanahin' Andriamanitra."—*Testimonies,* vol. 6, p. 153.

"Ny tsirairay avy dia tsy maintsy mampiditra ny fitahiana ao amin' ny fanahiny, raha tsy izany dia tsy ho fenoina izy. . . . Fantatrao tsara fa tsy mahavoky ny mahita sakafo mivelatra eo ambony latabatra, na mijery ny hafa mihinana. Ho faty isika raha tsy mihinana ny sakafo ara-nofo, ary ho very ny hery sy ny fahavelomana ara-panahy raha tsy mihinana ny sakafom-panahy isika. . . .

"Ireo izay mihinana sy mitsako ny Teny, manao izany ho asa sy toetra no hitombo ao amin' ny herin' Andriamanitra. Manome tanjaka tsy mety lefy ao an-tsaina izany, maha tonga lafatra ny fanandramana, ary mitondra fifaliana izay maharitra mandrakizay."—*The Faith I Live By,* p. 22.

**b. Inona aloha no tsy maintsy ataontsika mba hahafahantsika milaza amin' ny hafa ireo asa lehibe ataon' Andriamanitra? Salamo 119:27.**

---

**c. Inona koa ireo fitahiana hafa azontsika avy amin' ny fandaniana fotoana hianarana ny Tenin' Andriamanitra? Salamo 17:4; 119:11, 93; Romana 10:17.**

---

"Tian' ny Fanahy Masina ny miresaka amin' ny tanora, ary haneho amin' izy ireo ireo harena sy fahatsarana ao amin' ny Tenin' Andriamanitra. Ireo teny fikasana avy amin' Ilay Mpampianatra lehibe dia hanintona ny fahatsapana ary hamelona ny fanahy amin' ny alalan' ny hery ara-panahy izay an' Andriamanitra. Hitombo ao anatin' ny fanahy mahavokatra ny fifankazarana amin' ireo zavatry ny lanitra izay ho manda fiarovany amin' ny fakam-panahy.

"Hahazo laka ireo Tenin' ny fahamarinana, ka hampisy tombabidy izay tsy mbola noheverintsika mihitsy hatramin' izay. Ny hatsarana sy ireo haren' ny teny dia manan-kery hanamboatra ny toetra amam-panahy. Ny fahazavan' ny fitiavan' ny lanitra dia hiantraika ao amin' ny fo toy ny loharanon' aingam-panahy."—*Christ's Object Lessons,* p. 132.

"Ny fo izay voatahiry miaraka amin' ireo fahamarinana sarobidin' ny Tenin' Andriamanitra dia hatanjahina hanohitra ny fanangolen' i Satana, hanohitra ny fisainana maloto sy ny fanao tsy masina."—*My Life Today,* p. 28.

## 4. MIRESAHA AMIN' ANDRIAMANITRA

**a. Inona no tsy azo hadinoina rehefa mitondra ireo fangatahana amin' Andriamanitra? Filipiana 4:6.**

---

"'Mifalia amin' ny zava-tsoa rehetra izay efa nomen' ny Tompo Andriamanitrao ho anao.' Ny fisaorana sy ny fiderana no tokony hatolotra an' Andriamanitra noho ny fitahiana ara-nofo sy ny fankaherezana izay arotsany amintsika. Manomana fonenana mandrakizay ho an' ny fianakaviana tsirairay Andriamanitra. Andriamanitra dia tokony handray ny fiderana avy amin' ny fianakaviana tsirairay izay anamboarany fonenana mandrakizay any an-danitra, noho ireo harem-pahasoavany."—*Child Guidance,* p. 148.

"Raha ataontsika eo anoloantsika mandrakariva ny Tompo, manokatra ny fontsika ho amin' ny fiderana sy ny fisaorana Azy, dia hanana fahasambarana mandrakariva eo amin' ny fiainana ara-panahy isika. Ireo fivavahantsika dia resaka atao amin' ny sakaiza tiana. Hilaza ireo zava-miafiny amintsika manokana Izy. Hiteraka fahatsapana mamy sy fifaliana ny fanatrehan' i Jesosy."—*Christ's Object Lessons,* p. 129.

**b. Inona no ohatra avy amin' ny fifandraisan' i Kristy tamin' ny Rainy fony Izy teto an-tany? Lioka 6:12.**

---

"Mpiasa tsy mety reraka ny Mpamonjy. Tsy mba voafetran' ny ora ny asany. Ny fotoany, ny fony, ary ny heriny, dia naompany tamin' ny asa mafy ho an' ny olombelona. Ny tontolo andro dia naompana tamin' ny asa, ary ny alina manontolo nolanina tamin' ny vavaka, mba hahafahany miatrika ny fahavalo ratsy fanahy nandritra ireo asa mahakivy nataony. Izany no nampahery Azy tamin' ny asa fanavotana ny olombelona."—*Testimonies,* vol. 9, p. 45.

**c. Impiry isika no tokony hivavaka? Salamo 5:3; 55:17; 1 Tesalonina 5:17.**

---

"Raha tiantsika ny hampivelatra toetra izay eken' Andriamanitra, dia tsy maintsy mamboly ireo fahazarana tsara isika eo amin' ny fiainana ara-panahy. Zava-dehibe ny fiavavahana isan' andro mba hitomboana amin' ny fahasoavana, ary sakafo ho an' ny fanahintsika izany. Tokony manazatra ny tenantsika isika hanandratra ny fisainantsika any amin' Andramanitra amin' ny alalan' ny vavaka. Rehefa mirenireny ny fanahy, dia tsy maintsy averintsika; amin' ny alalan' ny ezaka maharitra, dia ho tonga fahazarana izany."—*Messages to Young People,* pp. 114, 115.

## *Alakamisy* *20 Aprily*

### 5. REHEFA MIHAINO ANDRIAMANITRA

**a. Inona ireo fepetra hihainoan' Andriamanitra sy hamaliany ny vavaka? Isaia 57:15; Matio 21:22.**

---

"Ny vavaka no fitaovana mahomby atoron' ny lanitra entina miady amin' ny fahotana sy hampivelarana ny toetra Kristianina. Ny herin' Andriamanitra izay midina mba hamaly ny vavaka atao am-pinoana no mahatanteraka ao amin' ny fanahy mitalaho izay zavatra angatahiny. Isika dia afaka mangataka famelana ny fahotana, ny Fanahy Masina,ny toe-panahy Kristianina, ny fahendrena sy ny hery hanaovana ny asany,'Dia homena izany'"—*The Acts of the Apostles,* p. 564.

"Angataho Andriamanitra mba hanao ho anao ireo zavatra izay tsy vitan' ny tenanao. Lazao an' i Jesosy ny zava-drehetra. Borahy eo Aminy ireo tsiambaratelon' ny fonao; fa ny masony mandinika ny fanahy milefitra, ary Izy dia mamaky ny eritreritra toy ny boky mivelatra. Rehefa mangataka zava-tsoa ho an' ny fanahinao ianao, dia minoa fa handray izany, dia ho azonao izany."—*The Adventist Home,* p. 299.

**b. Rahoviana no tsy mandre ny vavaka ataontsika Andriamanitra? Salamo 66:18.**

---

"Ny fikirizana hanao ireo fahotana efa fantatra dia mampangina ny feon' ny fieritreretana, ary mampisaraka ny fanahy amin' Andriamanitra. . . . Izay manome voninahitra Azy ihany no omen' Andriamanitra voninahitra."—*Messages to Young People,* p. 114.

## *Zoma* *21 Aprily*

### FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Midika inona ny hoe manana fo vaovao?**
2. **Ahoana no nanehoan' i Jesosy fitokisana ny Rainy, na dia tao anatin' ny fijaliana aza Izy noho ny fahatsapany ny fandaozan' ny Rainy Azy?**
3. **Hanao ahoana ny fanandramana Kristianina iainantsika raha fenon' ny Tenin' Andriamanitra ny fanahintsika?**
4. **Ahoana no hahatonga ny vavaka ho resaka atao amin' Andriamanitra?**
5. **Karazan-javatra toy inona no azontsika lazaina amin' Andriamanitra amin' ny vavaka? ary inona no fiantraikan' izany amin' ny fifandraisantsika Aminy?**

# Miaina amin' ny fitsipika volamena

**"Koa amin'izany na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany" (Matio 7:12).**

"Ny fitsipika volamena dia ireo fitsipiky ny fahalalam-pomba, ary ny fiainan' i Jesosy sy ny toetrany no tena fanehoana izany."—*Thoughts From the Mount of Blessing,* p. 135.

**Atolotra hovakiana:** *Testimonies,* vol. 2, pp. 133–136.

## *Alahady* *23 Aprily*

### 1. FAMARITANA NY FITSIPIKA VOLAMENA

**a. Inona moa no atao hoe "fitsipika volamena"? Matio 7:12.**

---

"Ny Jiosy dia nanahy ny amin' izay tokony ho azony; ny fanahian' izy ireo izay enta-mavesatra dia niompana tamin' ny fikatsahana izay mendrika ho azy. Kanefa i Kristy dia nampianatra fa tsy ny 'Hoatrinona no ho azonay?' fa ny 'Hoatrinona no azonay omena' no tokony hanahiran-tsaina antsika. Ny famaritana izay tokony hataontsika amin' ny hafa dia araka izay tiantsika hataon' ny hafa amintsika.

"Amin' ny fikambanantsika amin' ny hafa, dia aoka haka ny toeran' izy ireo isika. Manakatra ny fahatsapany, ireo olany, ny fahakiviany, ny fifaliany, ary ny alahelony. Mipetraha eo amin' ny toerany, ary ataovy aminy izay mba tianao hatao aminao raha nifamadika ny toeranareo, irinao mba hifampiraharaha aminao izy. Izany no tena fitsipiky ny fahatokiana."—*Thoughts From the Mount of Blessing,* p. 134.

**b. Inona no fototra iorenan' ny fitsipika volamena? Matio 22:37–39.**

---

"Tokony hasehonao mazava eo amin' ny fiainanao ny dikan' ny hoe tia an' Andriamanitra amin' ny fo rehetra, sy tia ny namana tahaka ny tenanao. Raha miray amin' Ilay Andriamanitry ny fitiavana sy ny fahendrena ianao, dia hampiseho amin' izao tontolo izao fa tsy miaina ho an' ity tany ity ianao, fa mikendry ilay maharitra mandrakizay."—*That I May Know Him,* p. 90.

## 2. MIKARAKARA IREO NIANGARAN' NY VINTANA

**a. Ho an' iza no izarantsika ny hafatry ny filazantsara amin' ny alalan' ny fisainana sy ny ohatra aseho? Romana 1:14, 15.**

---

"Ny olona tsirairay izay napetraka ho mpitanatana sy mpihazona ny fahasoavan' Andriamanitra dia nantsoina mba hizara amin' ireo fanahy ao anatin' ny haizin' ny tsy fahalalana, toy ny hoe eo amin' ny toeran' izy ireo, ary maniry ny mba hizarana ihany koa. . . . Noho ny amin' ireo zavatra fantatrao momba ny fitiavan' Andriamanitra, noho ireo fanomezam-pahasoavana noraisinao mihoatra noho ny an'ny hafa, dia ananan-trosa tsy maintsy efaina amin' ireo fanahy reraka ianao, ka hizara ireo fanomezana". Thoughts From the Mount of Blessing, p. 135.

**b. Iza ihany koa no tokony hampiana manokana amin' izao fiainana izao? Jakoba 1:27; Joba 29:15, 16.**

---

---

"Na inona na inona anananao mihoatra noho ny an' ny namanao, dia ananan-trosa aminy ianao, amin' ireo niangaran' ny vintana. Raha manan-karena isika, na tsara fari-piainana, dia manana adidy isika hikarakara ireo mijalin' ny aretina, ny mpitondra tena, ary ny kamboty, dia toy izay tiantsika hatao amintsika raha teo amin' ny toeran' izy ireo isika."—Ibid., p. 136.

"Amin' ny fitiavana sy fanompoana ireo zanany [Kritsy] mahantra ireo no hanaporofoantsika ny tena fitiavantsika Azy."—*The Ministry of Healing,* p. 205.

**c. Nahoana no maro ireo olona tsy nanaiky an' i Jesosy fony Izy teto an-tany? Isaia 53:2. Inona no azontsika ianarana avy amin' io voalazan' ny Baiboly io rehefa miezaka manampy ny hafa isika?**

---

---

"Aleo mitodika any amin' ireo zaza mahantra izay tsy misy mpihevitra, tsy mba misy maneho fikarakarana manokana, toy izay variana manao izay hisandratan' ny tena, na manidrahindra ny sasany izay heverina ho manana ny maha izy azy. Ireo olona izay mahafinaritra sy manintona dia tsy ho very namana mihitsy; fa ireo somary mavomavo, saro-kenatra sy sarotra ifandraisana, ireo manana toetra tsy mahafinaritra dia novidin' i Kristy tamin' ny rany ihany koa."—*Our High Calling,* p. 259.

## 3. MANATANTERAKA NY FOTO-KEVITRY NY LALANA

**a. Ahoana no niainan' i Jesosy ireo foto-kevitry ny lalàna?Asa 10:38.**

---

"Endrey, tara-pahazavana malefaka sy soa no namiratra teo amin' ny fiainan' ny Mpamonjy isan' andro! Fahasoavana no mivoaka avy eo amin' ny fanatrehany! Toe-panahy toy izany koa no ho hita eo amin' ny zanany. Ireo izay miara-monina amin' i Kristy dia voahodidin' ny rivo-piainan' ny lanitra. Ny ankanjom-pahamarinany fotsy dia hamerovero ny hanitry ny zaridainan' ny Tompo. Ny endriny dia hitaratra ny hazavana avy Aminy, manazava ny lalan' ireo izay potraka sy reraka."—*Thoughts From the Mount of Blessing,* p. 135.

**b. Inona no ilaintsika hahafahantsika manaraka an' i Kristy, ho tia an' Adriamanitra sy ny olombelona namantsika? Lioka 9:23; Galatiana 2:20.**

---

"Tsy maintsy ho tia an' Andriamanitra ny olona, amin' ny fony, ny sainy, ary ny heriny rehetra, sady ho tia ny namany tahaka ny tenany. Tsy ho vitany anefa izany raha tsy mandà ny tenany izy. Ny hoe mandà tena dia midika fifehezana ny fanahy rehefa mitady hanjaka ny faniriana; manohitra ny fakam-panahy, mifantina ary mamoaka ireo teny tsy misy tsiny; manana faharetana amin' ny zaza maditra, sy ireo manana fitondran-tena mandreraka; mijoro eo amin' ny asa nanirahana na dia tsy vitan' ny hafa aza izany; manao loha laharana ireo andraikitra na aiza na aiza ary na oviana na oviana ilana izany, tsy mitady dera, na laza, fa manao izany ho an' ny Tompo, izay nanome ho an' ny mpianany tsirairay asa tsy maintsy atao am-pahatokiana. Ny mandà tena dia midika fanaovana ny tsara na dia misy fironana hanao izay ankasitrahan' ny nofo aza. Miasa am-paharetana sy fifaliana ho an' ny hafa no hevitr' izany, na dia tsy ankasitrahana aza ny ezaka ataontsika."—*In Heavenly Places,* p. 223.

**c. Ahoana no anampian' i Jesosy antsika hanaraka ny ohatra nomeny? Titosy 2:14.**

---

"Amin' ny alalan' ny Zanany malalany no maha azo antoka ny haneken' Andriamanitra antsika, ary ny asa tsara dia tsy inona fa vokatry ny fitiavany izay mamela heloka. Tsy manan-danja isika, ary tsy misy asa soa avy amintsika azontsika itakiana na dia ampahany amin' ny famonjena ny fanahintsika aza. Ny famonjena dia fanomezan' Andriamanitra maimaimpoana ho an' ny mpino, atolotra noho ny fitiavan' i Kristy irery ihany."—*The SDA Bible Commentary* [E. G. White Comments], vol. 5, p. 1122.

## 4. MITIA NY TSY MAHA TE HO TIA

**a. Ahoana no ahafahantsika manao mihoatra noho izay heverin' izao tontolo izao fa mety aza? Matio 5:44–47.**

---

"Iriny [Kristy] isika ho tia ireo izay mampahory sy manao ratsy antsika. Tsy tokony hasehontsika amin' ny teny sy ny asa ny fanahy manosika azy ireny, fa hampitombo kosa ny ezaka hanao ny tsara ho azy."—*The Upward Look,* p. 220.

"Teo an-tendrombohitra no nanomezany ilay fitsipika, 'Tiava ny fahavalonareo,' ary Izy mihitsy no naneho ohatra fampiharana izany, 'tsy mamaly ratsy ny ratsy, na fanaratsiana ny fanaratsiana; fa aoka hisaotra kosa.' (Matio 5:44; 1 Petera 3:9)."—*The Desire of Ages,* p. 265.

**b. Ahoana no ahafahantsika miaina sy mampihatra ireo fitsipi-pitiavan' i Kristy? Ohabolana 20:22; 24:29, 17; 25:21, 22.**

---

"Ny hitondra ny mofon' aina ho an' ny fahavalony no nandaozan' ny Mpamonjy ny fonenan' ny lanitra. Na dia endrikendrika sy fanenjehana aza no nozakainy hatrany an-tranon'omby ka hatrany am-pasana, ny fisehoan' ny fitiavany mamela heloka no nisarika azy ireo ho eo Aminy. Tamin' ny alalan' ny mpaminany Isaia no nilazany hoe: 'Ny lamosiko natolotro ho amin'ny mpikapoka,ary ny takolako ho amin'izay manongobaoka;ny tavako tsy nafeniko tamin'ny henatra sy ny rora.' 'Nampahorina Izy,nefa nanetry tena ka tsy niloa-bava,dia tahaka ny zanak'ondry entina hovonoina,sy tahaka ny ondrivavy izay moana eo anatrehan'ny mpanety azy,eny, tsy niloa-bava Izy.' Isaia 50:6; 53:7. Ary avy teo amin' ny hazo fijalian' i Kalvary no nipololotra ho an' ny taona rehetra ny vavaka nataony hoan' ireo mpamono Azy sy ny hafatra fampanantenana ho an' ny jiolahy efa ho faty."—*Thoughts From the Mount of Blessing,* p. 71.

**c. Inona no mitranga amin' ireo manome ny hafa? Matio7:2b; Lioka 6:38.**

---

"Na inona na inona omentsika, dia handraisantsika valiny. Ny fitahiana ara-nofo izay zaraintsika amin' ny hafa dia mety, ary matetika, averina amintsika. Izay nomentsika, dia matetika miverina amintsika amin' ny fotoan' ny fahasahiranana, mitombo avo efatra heny izany, ary sandaina lafo. Kanefa ankoatr' izany, ny fanomezana rehetra dia onerana, amin' izao fiainana izao, araka ny haben' ny fitiavan' Andriamanitra, dia tsy inona fa ny hareny sy ny voninahitry ny lanitra."—Ibid., p. 136.

## *Alakamisy* *27 Aprily*

### 5. FANOMPOANA TSY MISY FITIAVAN-TENA

**a. Inona no fihetsika tokony haseho raha te hanaraka ny ohatr' i Kristy? Filipiana 2:4.**

---

"Ao amin' ny fo izay mankamamy ny fitiavan' i Kristy, dia ahitana izany fiantrana tsy mitady ny azy izany."—*Patriarchs and Prophets,* p. 133.

"Sahiran-tsaina i Paoly, tiany haseho mba ho hita sy ho tsapan' ny olona ny fanetren-tenan' i Kristy. Resy lahatra izy fa raha tarihina hihevitra ny sorona mahagaga nataon' Ilay Mpanjakan' ny lanitra ny olona, dia ho voaroaka ao am-pony ny fitiavan-tena."—*The Ministry of Healing,* p. 501.

"Ny olona izay mandray an' i Kristy ho Mpamonjy ny tenany manokana dia haniry mafy ny tombotsoan' ny fanompoana an' Andriamanitra. Raha mibanjina izay nataon' ny lanitra ho azy izy, dia ho voaentan' ny fitiavana tsy voafetra sy ny fiderana ny fony. Tsy andriny ny haneho ny fankasitrahany amin' ny fanokanana ireo fahaizany ho an' ny asan' Andriamanitra. Maniry izy ny haneho ny fitiavany an' i Kristy sy ireo izay novidiny. Maniry ny asa mafy, ny fahantrana, ary ny sorona izy."—Ibid., p. 502.

**b. Satria miara-miasa amin' ny fiangonana isika dia inona ihany koa no tokony hotsaroantsika? Romana 12:16, 17; 1 Korintiana 1:10.**

---

"Ao amin' ny firaisana amin' Andriamanitra amin' ny alalan' ny Zanany Lahy Tokana, sy ny firaisana eo amin' ny samy olona, no itoeran' ny herin' ny vahoakan' Andriamanitra. Tsy misy ravin-kazo roa mitovy tanteraka; tsy misy saina mitovy sy miara-mirona. Kanefa na izany aza, dia mety hisy firaisana ao anatin' ny fahasamihafana."—*The SDA Bible Commentary* [E. G. White Comments], vol. 6, p. 1083.

## *Zoma* *28 Aprily*

### FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Midika inona ny hoe manaraka ny fitsipika volamena?**
2. **Ahoana no hampiharana ny fitsipika volamena ho fanomezana ny hafatry ny filazantsara?**
3. **Inona ireo fampiharana izay ahafahako mandà tena? Inona avy ireo fomba hampiharina ahazoako handa ny tenako?**
4. **Ahoana no nanehoan' i Jesosy ny fitiavany an' ireo izay nanao ratsy Azy?**
5. **Satria zava-dehibe amiko ny sorona lehibe nataon' i Jesosy ho ahy, ahoana no ahafahako maneho ny fitiavako Azy?**

## Fanatitra amin' ny Sabata voalohany ho an' ireo Misiona maneran-tany



Miaina eo amin' ny vanim-potana farany amin' ny tantaran' ny planeta Tany isika, ary ny Tompontsika dia efa niandry ela ilay fotoana handraisany antsika hody. Ireo toe-java-mitranga ara-paminaniana izay miseho miharihary eo anoloantsika, dia milaza fa akaiky ny fiverenan' i Kristy, eny efa eo am-baravarana aza. Indrisy anefa, tsy mbola tonga hatrany amin' ny faran' ny tany ny hafatry ny filazantsara, ary tsy mbola nanana tombotsoa handre ny fahamarinana ankehitriny ny olon-drehetra. "Tsy ho ela dia tsy maintsy handray fanapahan-kevitra lehibe ny olombelona, tsy maintsy homena tombotsoa handre sy hahatakatra ny fahamarinan' ny Baiboly izy ireo, mba hahafahan' izy ireo hiandany amin' ny antokon' ny marina."—*Evangelism,* p. 25.

Amin' ny maha mambry ny fiangonan' Andriamanitra antsika, dia tombotsoa ho antsika ny haneho ny toetrany ary handray anjara amin' ny fampielezana ny filazantsara hatrany am-paran' ny tany amin' ny alalan' ny fanokanana ny fotoanantsika, ny hery, ary ny volantsika ho amin' izany asa manokana izany. Isaorana ireo vavaka sy fanohanana ara-bola avy amin' ireo mambra sy namana, ankehitriny dia misiona maro no najoro any amin 'ny faritra maro. Ireo misiona vaovao ireo dia mbola mila ny fanohanantsika ambara-pioriny tsara ka tonga mahaleo tena. Mila manokana vola koa isika ho fanokafana misiona vaovao. Isan-taona dia manangona fanatitra manokana isika mba hamoronana ireo fitaovana ilaina ho fanapariahana ny hafatra manerana ny faritra maro.

"Amin' izao fotoana izao, isaky ny tanàna sy vohitra dia tokony hisy mpitondra ny hafatry ny fahamarinana ankehitriny. Ny tany manontolo no hohazavain' ny voninahitry ny fahamarinan' Andriamanitra. Tsy maintsy mahatratra ny tany sy ny olona rehetra ny fahazavana. Ary avy amin' ireo izay nandray ny fahazavana no hiparitahan' izany."—Ibid., p. 407.

"Mpitory filazantsara maro no ilaina handeha ho any amin' ireo saha izay zara raha nidirana. Tsy mitsaha-mitombo ny fisokafan' ny saha vaovao. Tsy maintsy adika amin' ny fiteny maro ny fahamarinana, mba hahazo tombontsoa amin' izany ny firenena maro, hitondra hery manova eo amin' ny fiainana."—Ibid., p. 409.

Manao antso manokana izahay amin' ity Sabata ity mba hiombona ezaka amin' ireo misionera sy ny ankohonany isika amin' ny falalahan-tanana ho fanohanana ireo misionantsika maneran-tany. Izany no fomba ahafahantsika mifanampy hanazava ny tany amin' ny voninahitr' Andriamanitra ary hanafaingana ny fiverenan' i Jesosy.

*Ny mpiray tampo aminareo ato amin' ny Departemanta asa misionera*

# Fifidianana namana

**"Ho tafara-dàlana va ny roa, raha tsy efa nifanaiky?" (Amosa 3:3).**

"Tiako ny hampitandrina ny olon-drehetra, aoka ho malina ny amin' ny fisakaizana izay atombokao sy izay hofidianao ho namana. Tandremo sao ilay heverinao ho tena volamena no ho lasa vy sy metaly."—*The Signs of the Times,* November 26, 1896.

**Atolotra hovakiana:** *The Adventist Home,* p. 455–465.

## *Alahady* *30 Aprily*

### 1. NY TENA NAMANA

**a. Inona ireo toetra tokony hananan' ny namana tsara? Ohabolana 17:17; 18:24a.**

---

"Fihetsika kely entanim-pitiavana dia mety hampatanjaka sy hampahery ireo izay miady ny adim-piainana. Ho azy ireo, ny tolo-tanana avy amin' ny tena namana dia manan-danja mihoatra ny volamena na volafotsy. Ny tenim-pitiavana dia ankasitrahana toy ny tsikin' anjely."—*The Ministry of Healing,* p. 158.

"Miha ratsy ny zava-drehetra, alahelo sy fahakiviana no manindry ny fanahy tsirairay; ny fijoroan' ny namana iray izay manohana sy mitondra hery, dia hampiverin-dalana ny zana-tsipikan' ny fahavalo izay mikendry ny hamotika. Tsy maro araka ny tokony ho izy anefa ireo namana Kristianina. Amin' ny oran' ny fakam-panahy, ao anatin' ny fahasahiranana, dia endrey ny lanjan' ny tena namana!. . . Ireo tena namana izay manoro hevitra, sy mampita ny herin' ny fanantenana, ary mampiarina ny fanahy amin' ny alalan' ny finoana mahatoky, ny fanampiana toy izany dia sarobidy mihoatra ny perila."—*The SDA Bible Commentary* [E. G. White Comments], vol. 3, p. 1163.

"Na iza na iza maneho fihetsika adaladala mandangolango sy midokadoka anao tsy izay no tena namanao marina. Izay tena namanao kosa dia hananatra, hanoro hevitra, hampitandrina anao, ary haneho aminao ny fahadisoanao."—*Testimonies,* vol. 3, p. 226.

**b. Manao ahoana ny fahatokian' ny tena namana? Jaona 15:13; Joba 6:14a.**

---

## 2. MIFIDY AM-PAHENDRENA

**a. Inona ireo zavatra manan-danja tokony heverina rehefa mifidy namana? Romana 12:9; 1 Korintiana 15:33.**

---

"Tsy mety amin' ny Kristianina ny mikambana amin' ireo manana fitondran-tena baranahiny. Mampidi-doza ny firaisana ety isan' andro izay mameno ny fotoana kanefa tsy mampahatanjaka ny herin-tsaina sy ny fitondran-tena. Raha tsy madio sy tsy masina ny rivotra ara-pitondran-tena manodidina ny olona, fa voapentimpentin' ny fahalotoana, dia ho voapoizina sy ho rava tsikelikely ny fo amam-panahin' izay mifoka izany. Mampidi-doza ny mifanerasera amin' ireo olona izay malemy fisainana. Miandalana ary tsy hitahita akory, ireo olona izay matotra sy tia fahamarinana dia hitovy sokajy amin' ireo ratsy fanahy nifaneraserany, ho tia ny fahadalany ary handray anjara amin' ny fahafatesana ara-panahy.

"Tsy misy fomba mahomby kokoa hisakanana na handroahana ireo fahatsapana lehibe sy faniriana tsara mihoatra ny fikambanana amin' ny olona ratsy, tsy mihevitra ary maloto fisainana.

"Safidio ny hikambana amin' ireo izay tia ny fahamarinana tsy misy pentina, ireo manana toe-tsaina tsy voaloto, ary manana fahazarana madio."—*Testimonies,* vol. 3, pp. 125, 126.

**b. Ahoana no fanoritsoritana ny fisakaizana teo amin' i Davida sy Jonatana? 1 Samoela 18:1.**

---

**c. Inona koa ireo toetra tsara hafa tokony ho katsahina eo amin' ny namana mendrika? Ohabolana 11:13; Lioka 7:13; Galatiana 5:22, 23.**

---

"Itafio ny ankajon' ny fanetren-tena sy ny fanahy miadana, izay tena lafo vidy eo anatrehan' Andriamanitra. Kolokoloy ny fanomezam-pahasoavan' ny fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy. Izany no voan' ny hazo Kristianina. Nambolena teo amoron' ny renirano izy, ary mamoa betsaka amin' ny fotoany.

"Raha manana ny fitiavan' i Kristy ao amin' ny fanahy isika, dia ho voajanahary ao anatintsika ny fahasoavana hafa rehetra—fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, finoana, fanetren-tena, fahalalana onony. . . .

"Rehefa mitoetra ao am-po ny fitiavan' i Kristy, . . . dia ho tsapa tokoa ny fanatrehany."—*My Life Today,* p. 50.

## 3. MIANATRA AVY AMIN' NY FAHADISOAN' NY HAFA

**a. Inona no fantatsika momba ireo tantara vavolombelona ao amin' ny Baiboly? 1 Korintiana 10:11, 12.**

"Raha nesorina tao amin' ny Soratra Masina ny faharatsian' ireo Hebreo, ka ny fahamarinany ihany no nambara, dia tsy ho nisy lesona azontsika ianarana avy amin' ny tantaran' izy ireo."—*Testimonies,* vol. 4, p. 11.

**b. Ahoana no nifidianan' i Samsona ireo namany? Inona no vokany? Mpitsara 14:3.**

"Raha nankato ny baikon' Andriamanitra tahaka ireo ray aman-dreniny i Samsona, dia ho mendrika sy sambatra ny fiafarany. Nanimba azy anefa ny fikambanana tamin' ireo mpanompo sampy. Ny tanànan' ny Zora dia nifanila tamin' ny tanànan' ny Filistina, tonga nifangaro tamin' izy ireo toy ny mpinamana i Samsona. Tamin' izany no nivelaran' ny fiainan' ny fahatanorany, ary ny fironana teo amin' ny fiainany manokana dia nanamaizina ny fiainany iray manontolo. Raiki-pitia tamin' ny vehivavy filistina iray nipetraka tao Timna i Samsona, ary resy lahatra ny haka vady azy izy. Ireo ray aman-dreniny natahotra an' Andriamanitra dia niezaka nandresy lahatra azy tsy hanao izany, kanefa izao no navaliny azy ireo: 'Izy no mahafinaritra ahy.' Farany dia nilefitra tamin' ny faniriany ny ray aman-dreniny, ary dia tanteraka ny fanambadiany.

"Tamin' ny fotoana nidirany ho zatovo,fotoana mety indrindra hanaovany ny iraka nanendren' Andriamanitra azy,dia Samsona mihitsy no lasa nihavana tamin' ny fahavalon' i Isiraely."—*Patriarchs and Prophets,* pp. 562, 563.

**c. Raha nifidy tany honenana i Lota, inona no nanosika ny safidiny, inona no zavatra notsinontsinoaviny? Genesisy 13:10, 12, 13. Inona no vokatry ny fifaneraserana tao Sodoma teo amin' ny ankohonany? 2 Petera 2:7, 8; Genesisy 19:14.**

"Ny hery miasa mangina avy tamin' ny vadin ' i Lota sy ireo fikambanana tao amin' ity tanàna ratsy fanahy ity dia ho nahataona an' i Lota hiala amin' Andriamanitra raha tsy nisy ireo fampianarana mahatoky izay noraisiny avy tamin' i Abrahama tany aloha. Ny fanambadian' i Lota sy ny nisafidianany an' i Sodoma ho fonenana no mason-drojo (dingana) voalohany nitarika ny ratsy teo amin' izao tontolo izao hatramin' ny taranaka nandimby maro."—Ibid., p. 174.

## 4. FISAKAIZANA MAMPIDI-DOZA

**a. Ahoana no fijerin' Andriamanitra ny fisakaizana amin' izao tontolo izao? Jakoba 4:4.**

---

"Misy elanelan-tany goavana mampisaraka ny olon' izao tontolo izao sy ny mpanompon' Andriamanitra mahatoky anankiray. Ny tena man-an-danja amin' izy ireo dia Andriamanitra sy ny fahamarinana ary ny mandrakizay,ny fisainana sy ny zavatra ifantohana ary ny fahatsapan' izy ireo dia tsy hifanaraka mihitsy. Ny andaniny dia masaka tahaka ny vary ho ao amin' ny sompitr' Andriamanitra, ary ny ankilany kosa dia toy ny tsiparifary ho amin' ny afo mandevona. Ahoana no ahafahan' ny roa tonta hiray tanjona sy asa?"—*Evangelism,* p. 620.

**b. Inona no torohevitra fanampiny omen' Andriamanitra momba ny fisaikazana amin' izao tontolo izao? 2 Korintiana 6:14, 17.**

---

"Tsy afaka ny hifangaro sy hifampizara ny fanahiny ary hanaraka azy ireo ianao, no sady hitoetra ho zanak' Andriamanitra. Ilay Mpahary ny onivera dia mandefa teny aminao toy ny Ray tena tia. Raha mampisaraka ny fonao amin' izao tontolo izao ianao, ka mitandrina ny fahadiovana tsy ho voapentina, mandositra ny filana ara-nofo eo amin' izao tontolo izao, dia ho Rainao tokoa Andriamanitra, hatsangany ho ao amin' ny ankohonany ianao, ka ho tonga mpandova Azy. Noho ny fiainam-pankatoavanao, dia homeny anao ho takalon' izao tontolo izao ny fanjakana ety ambanin' ny lanitra. Homeny anao ny voninahitra mavesatra sy ny fiainana maharitra mandrakizay."—*Testimonies,* vol. 2, p. 44.

**c. Inona no karazana fisakaizana mampiseho ny toe-pontsika? Ahoana anefa no fijerin' Andriamanitra izany? Matio 10:37, 38.**

---

"Manao antso Andriamanitra mba hampileferantsika tsy misy fepetra ny fontsika sy ny fitiavantsika eo Aminy. Raha tia ny namanao, ny rahalahinao na rahavavinao, ny rainao na ny reninao, ny tranonao sy taninao, mihoatra noho Izaho hianareo, hoy i Kristy, dia tsy mendrika Ahy hianareo."—Ibid., vol. 3, p. 45.

"Tsarovy fa amin' ny maha mpianatr' i Kristy antsika, dia tsy maintsy hita eo amintsika ny fanompoana tao Aminy, ny fanaovana ny asan' Andriamanitra, ny famaliana ireo filan' ny fiaraha-monina ary ny fanehoana ny fitiavana. Tokony ho loha laharana ny fitakian' Andriamanitra rehetra."—*Counsels on Stewardship,* p. 53.

## *Alakamisy* — *4 May*

### 5. FISAKAIZANA MANOKANA

**a. Inona no tsy azo hadinoina mahakasika ny fifidianana izay ho namana manokana, indrindra ho amin' ny fanambadiana? Matio 22:37; Lioka 14:33.**

---

"Ny fisakaizana atomboka rehetra, na dia tsy maharitra aza, dia misy fiantraikany eo amintsika. Ary ny halehiben' izany hery miasa mangina izany dia arakaraky ny halehiben' ny fifamatorana sy habetsaky ny fifandraisana ary ny fitiavana sy ny fanekentsika ilay olona hifaneraserantsika. "—*The Adventist Home,* p. 459.

"Voafetra arakaraky ny tanjaky ny fisakaizana ny herin' ny fitaomana ho amin' ny tsara na ny ratsy eo amin' ny mpinamana. . . .

"Raha misafidy ny namana izay matahotra an' Andriamanitra isika, dia hovoatarika hirona ho amin' ny marina, sy ny asa, ary ny fahamasinana"—Ibid.*,* pp. 455, 456.

**b. Nahoana no tsy mety ny misafidy namana manokana amin' ireo tsy mitovy finoana amintsika na tsy niova fo? Amosa 3:3.**

---

"Tahaka ireo vadin' i Solomona izay nampivily ny fony hiala tamin' Andriamanitra mba hanaraka andriamani-kafa, dia ho toy izany koa no hataon' ireo naman-dratsy, tsy manana fitsipika mifehy; izay hampivily ny fon' ireo mahatoky sy marina, ho amin' ny zava-poana, fahafinaretana maloto, ary fahazaran-dratsy ambany."—*Conflict and Courage,* p. 192.

## *Zoma* — *5 May*

### FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Inona ireo zavatra hataon' ny tena namana aminao?**
2. **Nahoana no mampidi-doza ny mifandray ety amin' ireo manana fotondran-tena mirefarefa?**
3. **Inona no azontsika ianarana avy amin' i Samsona tamin' ny nifidianany ireo namany?**
4. **Miteraka inona ny fampileferana ny fo sy ny fitiavana amin' Andriamanitra?**
5. **Inona ireo zavatra ahafahantsika mamaritra ny fatran' ny fileferantsika amin' ny hafa?**

# Mampaka-bady sy mamoaka ny ampakarina

**"Fa tahaka ny tamin'ny andro fony tsy mbola tonga ny Safodrano, ka nihinana sy nisotro ny olona ary nampaka-bady sy namoaka ny ampakarina, mandra-piavin'ny andro izay nidiran'i Noa tao amin' ny sambo fiara" (Matio 24:38).**

"Ny lalana mankany amin' ny fiainana mandrakizay dia mideza sy manasatra. Aza manampy vesatra izay hampitarazoka ny fandrosoanao ho any."—*Messages to Young People,* p. 441.

**Atolotra hovakiana:** *The Adventist Home,* pp. 94–120.

## *Alahady* *7 May*

### 1. TAMIN' NY ANDRON' I NOA

**a. Inona no safidy manota nataon' ny zanak' Andriamanitra tamin' ny andron' ny Noa? Genesisy 6:1, 2.**

---

"Ny fifamatoran' ny zanak' Andriamanitra tamin' ny zanakavavin' ny olona no heloka lehibe teo amin' ny fanambadiana tamin' ny andron' i Noa. Ireo nitonon-tena ho mahalala sy manompo an' Andriamanitra dia nikambana tamin' ireo tsy madio am-po; tsy nisy fanavahana fa dia nanambady izay tiany izy ireo."—*Messages to Young People,* p. 456.

**b. Hanao ahoana izany mialoha kelin' ny fihavian' i Kristy? Matio 24:37, 38.**

---

"Ankehitriny dia maro ireo tsy manana fanandramana lalina ara-pivavahana, izay manao zavatra mitovy tsy misy valaka toy izay natao tamin' ny andron' i Noa. Hiditra ao amin' ny fanambadiana izy ireo kanefa tsy misy fitandremana sy tsy nanome lanja ny vavaka.Maro ireo manao ny voady masin' ny fanambadiana ho toy ireny fifanaraham-barotra ireny ka tsy ny fitiavana marina no antony manosika azy ireo ho amin' izany."—Ibid.

"Tsy misy maha fahotana ny fihinanana sy ny fisotroana, na ny fampakaram-bady sy ny famoahana ny ampakarina. . . . Kanefa tamin' ny andron' i Noa dia tsy mba nanontany an' i Jehovah ny olona ary tsy nikatsaka ny fitarihany sy ny toroheviny."—*The Adventist Home,* p. 121.

## 2. MANARAKA NY OHATR' ISAKA

**a. Inona no fepetra manan-danja nomen' i Abrahama an' ilay mpanompony mahakasika ny fifidianana vady ho an' i Isaka? Genesisy 24:3; 2 Korintiana 6:14.**

---

"Tsy tokony mankany amin' ny tany voarara mihitsy ny vahoakan' Andriamanitra. Ny fanambadian' ny mpino amin' ny tsy mpino dia raran' Andriamanitra. Kanefa matetika loatra ireo fo tsy voaova no tsy manaraka afa tsy izay sitraky ny fony, koa dia maro ireo fanambadiana miorina tsy nahazo ny fankatoavan' Andriamanitra. . . .

"Manitsakitsaka ny sitrapon' Andriamanitra ireo mpitory ny fahamarinana amin' ny fanambadiana amin'ny tsy mpino; veriny ny fankasitrahan' Andriamanitra, ary mampananosarotra kokoa ny fibebahany izy ireo. Mety hanana toetra lafatra ny tsy mpino, kanefa ny tsy famaliany ny fitakian' Andriamanitra sy ny fanaovany antsirambina ny famonjena dia antony ampy tsy hiraisana aminy. Ny toetran' ilay tsy mpino dia mety hitovy amin' ny an' ilay zatovo nilazan' i Jesosy hoe: 'Diso zavatra iray loha ianao'; dia zavatra tokana izay ilaina indrindra."—*The Adventist Home,* p. 63.

**b. Iza no nangatahan' i Eliezera fanampiana, inona no famantarana nomena? Genesisy 24:12–14.**

---

"Dia nivavaka nangataka fitarihana izy raha nahatsiaro ny tenin' i Abrahama izay nampanantena fa Andriamanitra haniraka ny anjeliny hiaraka aminy. Zatra nahita hatsaram-panahy sy fahaiza-mandray olona teo amin' ny ankohonan'ny tompony izy, koa dia nangataka izy mba ho izany toetra soa izany no ho marika hamantarany ny zazavavy ankasitrahan' Andriamanitra.

"Vavaka mafy tokoa no nasandratra mialohan' ny nahazoana valiny. Teo amin' ireo vehivavy samy naka rano teo am-patsakana, dia nisy anankiray izay nanaitra azy indrindra noho ny toetrany soa. Raha avy teo am-patsakana razazavavy, dia nanatona azy Eliezera ka nangataka mba hisotro tamin' ny siny teny an-tsorony. Nahazo valiny mahafa-po ny fangatahana, sady nanolo-kevitra koa razazavavy hampisotro ireo ramevany; izany dia asa fanaon' ny tovovavy tantsinanana, na dia ny zanakavavin' ny andriana aza dia manao izany ho an' ny andian' ondrin-drainy. Niharihary tamin' i Eliezera ny famantarana nangatahiny. Tsy vitan' ny hoe 'tsara tarehy indrindra' razazavavy, fa ny fahalalam-pombany koa dia nanome porofo ny hatsaram-panahiny sy ny fahazotoany lehibe."—*Patriarchs and Prophets,* pp. 172, 173.

**c. Tamin' ny fomba ahoana no nanajana ny fanirian-dRebeka? Genesisy 24:58.**

---

## 3. NY TANJON' ANDRIAMANITRA AMIN' NY FANAMBADIANA

**a. Nahoana Andriamanitra no mifidy "vady sahaza ho an' ny lehilahy," ary ahoana no anoritsoritana ny vady tsara? Genesisy 2:18; Ohabolana 18:22; 19:14.**

---

"Andriamanitra mihitsy no nanome namana ho an' i Adama. Notolorany 'vady sahaza izy',mpanampy tandrify,olona iray izay sahaza ho namany, ary afaka hiaraka aminy amin' ny fitiavana sy ny firaisan-kina. Eva dia noforonina avy tamin' ny taolan-tehezan' i Adama, midika izany fa tsy afaka ny hifehy azy toy ny loha izy, na hohitsakitsahina ao ambany tongony toy ny tsinotsinona, fa kosa hijoro eo anilany, mitovy aminy, hotiavina sy harovana. Lehilahy no nanalana azy, taolana avy amin' ny taolany, ary nofo avy amin' ny nofony, tenany faharoa i Eva; maneho ny firaisana ety sy ny fatoram-pitiavana tokony hisy eo amin' ny fanambadiana izany.. 'Fa tsy mba nisy olona tsy tia ny nofony, fa mamelona sy mitaiza azy.' Efesiana 5:29."—*The Faith I Live By,* p. 251.

"Avy tamin' ny lehilahy no nanamboaran' Andriamanitra ny vehivavy, mba ho namana sy ho mpanampy azy, mba ho iray aminy, hikarakara sy hanohana ary ho fitahiana ho azy; etsy andaniny, ny lehilahy dia ho mpanampy matanjaka ho azy. Ireo izay miditra ao amin' ny sehatry ny fanambadiana omban' ny tanjona masina, dia mahatanteraka ny planin' Andriamanitra ho azy ireo,ny lahy manao izay hahazoana ny fitiavana madio avy amin' ny vavy, ary ny vavy manalefaka sy manatsara ny toetran' ny vadiny ary mahatanteraka izany."—*The Adventist Home,* p. 99.

**b. Inona no fandaminana napetrak' Andriamanitra teo amin' ny ankohonana taorian' ny fahotana? Genesisy 3:16 (tapany farany); Kolosiana 3:18, 19; Efesiana 5:22, 25.**

---

"Tamin' ny famoronana, dia nataon' Andriamanitra mitovy amin' i Adama i Eva. Raha nitoetra tamin'ny fankatoavana an' Andriamanitra izy ireo,nampifandrindra ny fiainany tamin' ny Lalàm-pitiavany,dia ho nilamina ihany koa ny fifandraisan' izy ireo; kanefa ny fahotana dia nitondra ny tsy fitovian-kevitra, vokany, tsy maintsy milefitra ny andaniny na ny ankilany mba hiarovana ny firindrana eo amin' ny tokantranony. Eva no nanota voalohany; ary noho ny fisarahany tamin' ny vadiny izay tsy araka ny tari-dalana avy tamin' Andriamanitra, no naha lavo azy tamin' ny fakam-panahy. Tamin' ny alalan' ny fanangoleny no nanotan' i Adama, ary dia nampileferina teo amin' ny vadiny izy. Raha mba nolalain' ny taranaka lavo ireo fitsipika raketin' ny didin' Andriamanitra, dia ho fitahiana ho azy ireo ilay fehezanteny ao amin'ny Gen. 3:16b, na dia vokatry ny fahotana aza; kanefa matetika ny fanararaotam-pahefana ataon' ny lehilahy amin' ny toerana nomena azy dia mampangidy ny fiainan' ny vehivavy."—Ibid., p. 115.

## 4. MANARAKA NY MODELIN' NY LANITRA

**a. Ahoana no tokony hakana tahaka ny ohatry ny fifandraisan' i Jesosy amin' ny Rainy eo amin' ny mpivady? Jaona 5:20a; 8:29.**

---

"Aoka ny tsirairay hanome fa tsy haneho fitiavana. Kolokoloy ny toetra mendri-kaja ao aminao, aoka ho kinga amin' ny fanamarihana ny toetra tsaran' ny hafa. Ny fahatsapana fankasitrahana dia mpanentana mahafinaritra sady mahafa-po. Ny fandeferana sy ny fanajana dia mampitombo ny ezaka ho amin' ny fahatanterahana, mampitombo ny fitiavana izany satria manaitra ireo tarigetra ambony.

"Na ny lehilahy na ny vehivavy dia tsy tokony hamotika ny maha izy azy amin' izay lafiny izay eo amin' ny ankilany. Samia manana fifandraisana manokana amin' Andriamanitra. Samy manontany Aminy ny tsirairay: 'Inona no mety?' 'Inona no tsy mety?' 'Inona no fomba tsara indrindra hanatrarako ny tanjon' ny fiainana?' Avelao ny harem-pitiavanao hiantefa amin' Ilay nanolotra ny ainy ho anao. Ataovy eo aloha sy ao ivoho Kristy amin' ny zavatra rehetra. Arakaraka ny halalina sy ny tanjaky ny fitiavanao Azy, no hampahatanjaka sy hahatsara kokoa ny fifankatiavanareo."—*The Ministry of Healing,* p. 361.

**b. Toetra lehibe inona ihany koa no naseho tamin' ny fifandraisan' i Jesosy sy ny Rainy? Jaona 10:30; Efesiana 4:3.**

---

"Raha tsy misy fifandeferana sy fitiavana, dia tsy misy hery eto an-tany afaka hihazona anao sy ny vadinao ao amin'ny firaisam-panambadiana Kristianina. Ny fisakaizanareo dia tokony ho ety sy mamy, masina sy ambony. Iaino ny tanjaka ara-panahy, mba hahatonga ny andaniny ho zava-dehibe amin' ny ankilany, araka ny fitakian' ny Tenin' Andriamanitra. Raha manatratra ny fepetra izay irin' Andriamanitra hotratrarinao ianao, dia ho tonga lanitra ny tany ary hitoetra eo amin' ny fiainanao Andriamanitra."—*The Adventist Home,* p. 112.

"Na inona na inona manimba ny fihavanana sy ny firaisan-tsain' ny fianakaviana dia tokony hampandeferina, ny hatsaram-panahy sy ny fitiavana no tokony hankamamina. Izay lehilahy mampiseho fahalemem-panahy, fandeferana, ary fitiavana dia mba hanehoana izany koa. Rehefa ny Fanahin' Andriamanitra no manjaka, dia tsy ho hita ao amin' ny fanambadiana ny teny mandratra. Raha Kristy tokoa no mamboatra ny ao anaty, dia hisy fitiavana sy firaisana ao an-trano. Kristy mitoetra ao am-pon' ny vavy dia hifanaraka amin' i Krity mitoetra ao am-pon' ny lahy. Hiara-miezaka izy ireo ho any an-danitra, toerana izay nomanin' i Kristy ho an' ireo tia Azy."—Ibid., p. 120.

# *Alakamisy* *11 May*

## 5. FIATREHANA NY FIFANDIRANA

**a. Toe-panahy manao ahoana no tokony hananan' ny mpivady manoloana ireo olana? Jakoba 4:6, 7, 10.**

---

"Raha tsy mampilefitra ny fony eo amin' Andriamanitra ny mpivady, dia ho sarotra tokoa ny hamaha ireo olan'ny fianakaviana, eny fa na dia samy mikatsaka ny firindrana sy ny fifanarahana marina aza ny roa tonta."—*The Adventist Home,* p. 119.

"Na dia mety hiseho aza ireo olana, fahaverezan-kevitra, ary fahakiviana, dia aoka na ny lahy na ny vavy tsy hampiditra ao an-tsaina ny hoe fahadisoana na rano raraka an-tany ny fanambadian' izy ireo. Fantaro izay mety ho vitan' ny andaniny amin' ny ankilany. Aoka hifampahery amin' ireo adim-piainana. Ianaro ny fomba hampitomboana ny fahasambaran' ny ankilany. Aoka hisy fitia mifamaly, fifandeferana. Raha izany no atao, dia ho fiatombohan' ny fitiavana ny fanambadiana fa tsy ho fiafarany. Ny hafanan' ny fisakaizana marina, ny fitiavana izay mampifamatotra ny fo, dia fanandramana sahady ny fifalian' ny lanitra.

"Tokony hamboly faharetana amin' ny fampiharana ny faharetana ny rehetra. Raha tonga maha te ho tia sy mandefitra ianao, dia ho voatahiry hafana ao am-po ny fitiavana marina, ary hivelatra ny toetra soa izay ankasitrahan' ny lanitra."—Ibid., p. 106.

**b. Fitiavana manao ahoana no tian' i Kristy hifankatiavantsika, indrindra rehefa tsy araka ny sitra-pontsika ny zava-miseho? Jaona 15:12; 1 Korintiana 13:4–7.**

---

"Ny fitiavana marina dia manarona fahotana maro; ny fitiavana tsy manasongadina ireny."—Ibid., p. 47.

# *Zoma* *12 May*

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Nahoana ny ankamaroan' ny fanambadiana tamin' ny andron' i Noa no nosokajiana ho fahotana?**
2. **Nahoana no ratsy ny manambady olona tsara toetra kanefa tsy mpino?**
3. **Inona no tanjon' Andriamanitra amin' ny fanambadiana?**
4. **Inona no azontsika atao hamporisihana ny olona hiaina fiainana mendrika?**
5. **Inona no ilaina hiatrehana ireo olan' ny ankohonana?**

# Ankohonana Kristianina

**"Anaka, maneke ny ray sy ny reninareo ao amin'ny Tompo, fa marina izany.. . . . Ary ianareo ray, aza mampahatezitra ny zanakareo, fa tezao amin'ny famaizana sy ny fananaran'ny Tompo izy." (Efesiana 6:1, 4).**

"Ny karazan-toetra sy hery miasa mivoaka avy ao amin' ny tokantrano no ahafahana misedra ny maha-Kristianina marina azy. Ny asan' ny ray aman-dreny voalohany indrindra dia hitahiry ao am-pony ireo fitahian' Andriamanitra, ary ny hitondra izany fitahiana izany ao amin' ny tokantranon' izy ireo."—*The Bible Echo,* October 15, 1894.

**Atolotra hovakiana:** *The Adventist Home,* pp. 181–208.

## *Alahady* *14 May*

### 1. MITANA NY TOERANA VOALOHANY

**a. Inona no tanjona tokony apetraka amin' ny asa atao ho an' ny tokantranontsika? Isaia 8:18.**

---

"Ry ray aman-dreny, irin' Andriamanitra haneho ny endriky ny fianakavian' ny lanitra ny ankohonanao. Arovy ireo zanakao. Aoka ho mora fanahy amin' izy ireo. . . . Ny ankohonana milamina tsara, voafehy tsara, dia manan-kery kokoa ho fanehoana ny fahatsaran' ny finoana Kristianina noho ireo toriteny rehetra eran-tany. Hitandrina fatratra amin' ny teny sy ny fihetsika ireo ray aman-dreny raha mahatakatra fa ny zanaka dia maka tahaka azy ireo."—*The SDA Bible Commentary* [E. G. White Comments], vol. 6, p. 1118.

**b. Inona no zava-dehibe indrindra amin' ny fitaizana ny zanaka? Efesiana 6:4.**

---

"Ny ankabeazan' ireo ray aman-dreny dia manao ambanin-javatra ny asa nankinin' Andriamanitra taminy, amin' ny tsy fahavitana mitaiza sy manofana ireo zanany, manomboka amin' ny fotoana maha-vory saina azy, mba hahalala sy ho tia an' i Kristy. Amin' ny ezaka feno filofosana, ny ray aman-dreny dia hanara-maso ny fisokafan' ny sain' ny zanany sy ny fandraisan' izy ireo. Ny zavatra hafa rehetra eo amin' ny fiainam-pianakaviana dia hitana ny laharana faharoa mitaha amin' ny andraikitra ambony nankinin' Andriamanitra amin' izy ireo,dia ny manofana ireo zanany amin' ny fihinana sy ny toro-hevitra avy amin' ny Tompo."—*The Adventist Home,* p. 183.

## 2. FIVAVAHANA AO AN-TOKANTRANO

**a. Fihetsika toy inona no tokony hampitain' ny ray aman-dreny amin' ny zanany? Efesiana 4:2, 32.**

---

"Manana andraikitra amin' ny ankohonanao ianao, ka aoka hitandrina. Ny tenim-pahendrena sy mamy, dia mampahery. Aza hadino ny fanehoam-pitiavana madinidinika izay tena manampy ny ankohonanao, dia ilay ankohonana izay miatrika ny fahalemenao izay tsy misy mahalala afa-tsy izy ireo ihany.

"Maro ny miziriziry amin' ny hevitry ny tenany, tsy manaiky hilefitra amin' ny zavatra kely izay tsy misy antony kanefa miteraka alahelo sy fahatezerana ao an-trano. Fohy loatra ny fiainana ka tsy tokony ho fenoina alahelo. Tsy tokony hitsitsy fotoana isika ho an' ireo mijaly sy reraka am-po.

"Aoka hifampihevitra. Aza avela ho tratry ny masoandro miletika ny fahatezeranao. Aza akipy ny masonao, aza mandry raha tsy voalamina ny olana madinika indrindra, sy ireo fanorisorenana izay nandratra ny fanahy."—*This Day With God,* p. 225.

**b. Atao ahoana no fanehoam-pitiavana ao an-tokatrano? Romana 12:9, 10.**

---

"Banga eo amin' ny ankohonana maro ny fifanehoam-pitiavana. Ekena fa tsy ilaina ny resaka fientanam-po tsy izy, nefa kosa tena ilaina ny fanehoam-pitiavana ao anaty fifanajana sy fahadiovana ary fahamendrehana. Maro ireo mamboly fo vato amin' ny fanaovana teny mahery sy ny fihetsika maneho ny toetran' i Satana. Tsy tokony ho lany hamamiana ny fitiavana eo amin' ny mpivady, eo amin' ny ray aman-dreny sy zanaka, ary ny mpiray tampo. Avadika im-pito ny lela vao miteny, ary loha-laharana ny fanehoana ny fifankatiavana. Adidin' ny tsirairay ao amin' ny ankohonana ny manao izay mahafinaritra ny hafa, sy miteny am-pahendrena.

"Voleo ny fahalemem-panahy sy ny fitiavana izay aseho amin' ireo fikarakarana,sy ny fiteny."—*The Adventist Home,* p. 198.

"Aoka ny fahalemem-panahy sy ny famindram-po izay nasehon' i Jesosy teo amin' ny fiainany sarobidy mba ho ohatra ho antsika ny amin' ny fomba tokony hitondrantsika ny manodidina antsika. . . . Maro ireo safotra sy kivin' ny ady mafin' ny fiainana, ny teny mamy iray sy fankaherezana anefa dia mety hampahery sy hanampy azy ireo handresy. . . . Tsy hay lazaina hoe hatraiza ny mety ho fiantraikan' ny teny mamy ataontsika, ny ezaka ataontsika hanahaka an' i Kristy dia hanamaivana ny enta-mavesatra. Ny hatsaram-panahy sy ny fitiavana mamy dia mahomby kokoa ho famerenana ireo olom- bery."—*My Life Today,* p. 235.

## 3. NY FANAJANA SY NY VONINAHITRA AO AN-TRANO

**a. Inona no didy fahadimy, ary inona no hevitr' izany? Eksodosy 20:12; Efesiana 6:2. Inona no fomba tsara indrindra hampianarana ny zanaka hankato izany didy izany?**

---

"Ireo ray aman-dreny dia mendrika ny fitiavana sy ny fanajana ambony indrindra mihoatra ny olon-kafa. Andriamanitra mihitsy, Ilay nametraka azy ireo ho mpiandraikitra ireo fanahy nankinina taminy, no nibaiko fa mandritra ireo taona voalohany maha ray aman-dreny azy ireo dia hitana ny toeran' Andriamanitra mihitsy izy ireo manoloana ny zanany. Ary izay mandà izany adidy sy fahefana nomena ny ray aman-dreny izany dia mitsipaka ny fahefan' Andriamanitra. Ny didy fahadimy dia mitaky amin' ny zanaka, tsy ny fanajana sy ny fileferana ary ny fankatoavana ireo ray aman-dreniny ihany, fa ny fanolorana ho azy ireo ihany koa ny fitiavana sy ny fahalemem-panahy, manamaivana ny asany, miaro ny voninahiny, ary mikarakara sy manohana azy ireo amin' ny fahanterany. . . .

"[Ireo zanaka] Raha tsy manoa sy manala baraka ny ray aman-dreniny eto an-tany, dia tsy hanaja sy ho tia ny Mpahary azy ireo."—*The Adventist Home,* p. 293.

"Ny fomba lafatra hitaizana ny zanaka hanaja ny rainy sy ny reniny dia amin' ny fanehoana eo imason' izy ireo ny ray mihevitra am-pitiavana ny reny ary ny reny manolotra fanajana sy voninahitra ho an' ny ray. Amin' ny alalan' ny fibanjinana ny fitiavana eo amin' ny ray aman-dreniny no hahatonga ny zanaka ho voatarika hankato ny didy fahadimy sy hanome lanja izany baiko izany, 'Anaka, maneke ny ray sy reninao ao amin' ny Tompo, fa marina izany.'"—Ibid., pp. 198, 199.

**b. Iza ihany koa no tokony hotolorana fanajana? Levitikosy 19:32; Ohabolana 16:31.**

---

"Ireo irak' Andriamanitra dia tokony hanehoana fanajana,ireo mpitandrina, mpampianatra, ary raiamandreny nantsoina hiteny sy hiasa amin' ny anaran' Andriamanitra. Voninahitra ho Azy ny fanehoana fanajana ho an' ireo.

"Andriamanitra ihany koa dia mitaky ny fanajana ireo antitra. Izao no ambarany, 'Satroboninahitra tsara tarehy ny volo fotsy, ao amin'ny lalan'ny fahamarinana no ahazoana azy.Ity teny ity: Ohabolana 16:31 dia milaza momba ny ady natao, ny fandresena azo, ireo enta-mavesatra nolanjaina, ary ireo fakam-panahy natrehina. Milaza momba ny tongotra valaka madiva hiala sasatra, ireo toerana ho banga tsy ho ela. Ampianaro ny ankizy hisaina izany, dia hanamora ny lalan' ny antitra izy ireo amin' ny fahalalam-pomba sy ny fanajana, ary ny fanaovany izany hiteraka fahasoavana sy fahatsarana eo amin' ny fahatanorany."—*Education,* p. 244.

## 4. NY ANKOHONANA - ORINASA

**a. Inona no toetra miavaka ho hita eo amin' ny ankohonana tena Kristianina? 1 Korintiana 14:40. Ahoana no ahafahan' ny rehetra miara-miasa hihazonana ny filaminana ao an-trano?**

---

"Ny isam-batan' olona ao amin' ny ankohonana dia tokony hahatakatra fa manana andraikitra manokana mba handray anjara amin' ny fiadanana, ny filaminana, ary ny firindran' ny ankohonana. Tsy tokony hisy fifampiandaniana. Ny rehetra dia tokony hiombona ho amin' ny asa tsara ka hifanohana; ny hatsaram-panahy, ny firaisan-kina, ary ny fandeferana no tokony hanjaka, miteny mora, feo tony, misoroka ny olana, ary ny tsirairay dia manao izay tratry ny heriny hanampiana ny reny. Tsy tokony hisy zavatra avela ho goragora, ka ny rehetra hanala tsiny ny tenany amin' ny andraikiny, hamela ny hafa hanao izay asa tokony sy azony tanterahana. Mety ho zavatra tsy misy dikany izany; kanefa rehefa atambatra, dia miteraka korontana ary mahatonga ny fahatezeran' Andriamanitra. Ny fanaovana tsinontsinona ny zava-madinika, toa tsy misy lanjany dia manampoizina ny fahasambaran' ny tokantrano. Ny fahatokiana amin' ny fanaovana ny zava-bitika no mitambatambatra hahatanteraka ny fahasambarana eto amin' ity fiainana ity."—*Testimonies,* vol. 2, pp. 699, 700.

**b. Inona ireo fitahiana avy amin' ny asa? Kolosiana 3:23, 24; Mpitoriteny 5:12. Inona no tokony hampianarintsika ny zanatsika mahakasika ireo tombotsoa amin' ny fanaovana raharaha?**

---

"Napetrak' Andriamanitra ho fitahiana ho an' ny olona ny asa, mifehy ny sainy, manatanjaka ny vatany, ary mampivelatra ireo fahaiza-manaony. . . .Ny lehilahy sy ny vehivavy miasa ihany no hahita ny tena fifaliana amin' ny fiainana."—*Patriarchs and Prophets,* p. 50.

"Tokony hampianarina ny tanora fa ny fiainana dia midika asa matotra, andraikitra, adidy. Mila fanofanana izy ireo mba ho tonga amin' izany, dia lehilahy sy vehivavy izay afaka hitatrika ny zava-tsarotra. Tokony hampianarina izy ireo fa ny fitsipika dia mipetraka, ary ny asa voakajy tsara dia zava-dehibe, tsy ho fiatrehana ny soa sy ny ratsy amin' ny fiainana ihany, fa ho fanoloran-tanana amin' ny fampandrosoana ny manodidina ihany koa."—*Child Guidance,* p. 347.

"Raha mifanampy amin' ny reny ny zanaka amin' ny raharaha, dia ho hitany fa ny asa dia zava-dehibe miantoka ny fahasambarana, mampisandratra fa tsy mampietry."—Ibid., p. 349.

## *Alakamisy* 18 May

### 5. NY ASA FANOMPOANA AO AN-TOKANTRANO

**a. Inona no azontsika ampianarina ireo zanantsika mba hanomana azy ireo amin' ny asa fanompoana ny Tompo? Galatiana 5:13 (tapany farany); Ohabolana 15:33; 1 Petera 5:5.**

---

"Raha mbola kely dia tokony hampianarina ny ankizy ny leson' ny fifanampiana. Raha vao mivelatra ny heriny sy ny tanjany, dia tokony homena andraikitra ao an-trano izy. Tokony hamporisihina izy hanampy ny rainy sy ny reniny, hanana fandavan-tena sy hifehy ny tenany, hanao loha laharana ny fahasambaran' ny hafa noho ny an' ny tenany, hikatsaka ny fomba hanohanana sy hanampiana ireo mpiray tampo sy namana, haneho hatsaram-panahy amin' ireo be antitra, ny marary, ary ireo sahirana. Arakaraka ny fivelaran' ny fanahin' ny fanompoana ao an-trano, no maha feno ny fivelaran' ny ankizy eo amin' ny fiainana. Hianatra ny hahita fifaliana amin' ny fanompoana sy fandavan-tena hanasoa ny hafa izy ireo."—*Child Guidance,* p. 36.

**b. Raha tsy mitandrina isika, dia inona no mety hanimba ny maha-Kristianina? 1 Korintiana 15:33.**

---

"Ny fisafidianana namana tsy mifandray amin' Andriamanitra, olona mandeha amin' ny lalana tsy tian' Andriamanitra dia loza mananotanona ny Kristianina. . . . Betsaka ireo manasa naman-dratsy ho ao an-tranony; ary matetika ny ohatra sy ny hery miasa mangina avy amin' ireo mpamangy tsy mivavaka ireo no mamela soritra eo amin' ny sain' ireo ankizy ao an-tokantrano."—*Messages to Young People,* p. 432.

## *Zoma* 19 May

### FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Nahoana no zava-dehibe ny hanazaran' ny ray aman-dreny ny zanaka hahalala sy ho tia an' i Kristy?**
2. **Inona no mitranga rehefa mikiry amin' ny hevitsika isika amin' ny zava-madinika?**
3. **Ahoana no ahafahan' ny ray aman-dreny hampianatra fanajana ny zanany?**
4. **Inona ireo tombotsoa avy amin' ny asa?**
5. **Aiza no hianarantsika hahita fifaliana amin' ny fanompoana marina?**

# Miaina miaraka amin' ireo havana aman-tsakaiza

**"Fa aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino ianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondran-tena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana" (1 Timoty 4:12).**

"Aoka hianareo tsy hampilefitra ireo fitakiana sy tombotsoa ara-pivavahana, mba ho fampifalifaliana ireo havana aman-tsakaiza tsy nohamasinina. Nantsoina hiandany amin' ny fahamarinana hianareo, na dia mety hifanohitra mivantana amin' ireo olon-tianareo aza izany."—*Testimonies,* vol. 4, p. 117.

**Atolotra hovakiana:** *Testimonies,* vol. 5 pp. 542–549;
*Sons and Daughters of God,* pp. 51, 52.

## *Alahady* *21 May*

### 1. MAMETRAKA AN' ANDRIAMANITRA HO LOHA-LAHARANA

**a. Toerana manao ahoana no tokony hisy an' Andriamanitra eo amin' ny fiainana? Ary ahoana ny mahakasika ny fifandraisantsika amin'ny hafa? Matio 22:37–39.**

---

"Rehefa ny Fanahin' Andriamanitra no ao amin' ny olona, dia mitarika azy mba hanasitrana izany fa tsy handratra. . . . Tokony hikarakara ireo karazam-pijaliana rehetra isika, ka hihevitra ny tenantsika ho irak' Andriamanitra hanamaivana ny entan' ny hafa araka izay azontsika atao. . . . Misy ireo izay maneho fitiavana lehibe tokoa ho an' ireo havany, na ireo namany, kanefa dia tsy mba antra sy tsy mihevitra ireo hafa izay mila fahalemem-panahy, mila fiheverana sy fitiavana."—*Sons and Daughters of God,* p. 52.

**b. Inona no teny fikasana raha ataontsika loha-laharana Andriamanitra? Matio 19:29; Hebreo 13:5b.**

---

"Raha ilaina ny handaozanao ny rainao, ny reninao, ireo rahalahy sy anabavinao, ny vadinao sy ireo zanakao noho ny amin' i Kristy, dia tsarovy fa tsy ho irery ianao. Handray anao ao amin' ny ankohonany Andriamanitra; tonga anisan' ny ankohonan' andriana ianao, dia zanakalahy sy zanakavavin' ny Mpanjakan' ny lanitry ny lanitra."—*Testimonies,* vol. 1, p. 510.

## 2. MANAMPY NY ANKOHONANTSIKA TAHAKA IZAY ATAO AMIN' NY HAFA

**a. Aiza no tokony atomboka ny asa ho an' i Kristy? Ohabolana 22:6; Isaia 8:18.**

---

"Rehefa manorina fifandraisana amin' i Kristy ny olona iray, ka tonga olom-baovao, dia tsy hoe tsara fihavanana amin' Andriamanitra fotsiny. . . .fa mivelatra ho amin' ny manodidina azy ny andraikiny, ka mahatratra hatrany amin' ireo lavitra aza. Ny zanany sy ireo havany akaiky no andraikiny voalohany. Tsy misy fialan-tsiny azo ekena, ny ankohonana aloha vao ny any ivelany. . . .

"Satria manao ny andraikiny amim-pahatokiana ireo ray aman-dreny, amin' ny fifehezana, ny fanitsiana, ny fanoroana hevitra, ary ny fitarihana ny ankohonany,dia ho fenon' izy ireo ny faribolana izay nampiandraiketin' Andriamanitra azy ireo, ny ray tahaka ny mpisorona ao amin' ny tokantrano, ary ny reny toy ny irak' Andriamanitra ao an-tokantrano. Amin' ny fanaovana am-pahatokiana ny adidin' izy ireo ao an-tokantrano, dia mampitombo isa ny masoivoho hiasa any ivelany izy ireo. Manjary voaofana ho amin' ny asa ao amin' ny fiangonana ny ankohonany. Tonga mpiasan' Andriamanitra ireo ray sy reny amin' ny fampianarana mangingina ireo andian' ondriny; izany dia mampifamatotra ireo zanany amin'izy ireo sy amin' Andriamanitra."—*Sons and Daughters of God,* p. 223.

**b. Ahoana no fitondratsika ny hafa raha monina eo amintsika Kristy? Isaia 50:4.**

---

"Ny Kristianina dia hanao teny mahafinaritra ho an' ireo havany sy ny namany. Ho malemy fanahy, mahalala fomba, be fitiavana, miombona, ary mitaiza ny tenany ho amin' ilay fonenana miaraka amin' ny fianakavian' ny lanitra."—*My Life Today,* p. 196.

**c. Inona no azontsika ianarana amin' ny ohatra nasehon' i Jesosy rehefa alim-panahy hifantoka amin' ny ankohonantsika irery isika? Lioka 19:10.**

---

"Tsy maintsy hatao any am-paladia ny izaho sy ny fitiavan-tena, ary haseho eo amin' ny fiaintsika ny fanahin' ny fanoloran-tena sy ny fitiavana tsy mila tambiny izay nasehon' i Jesosy fony Izy teto an-tany. Ny rehetra dia tokony hihevitra ny ankohonany, kanefa tsarovy fa tsy ireo irery no tian' i Jesosy hovonjena."—*Testimonies,* vol. 2, p. 77.

## 3. TSY MAMPILEFITRA IREO FITSIPIKA IORENANTSIKA

**a. Inona no antony maha mpanavao ara-pahasalamana antsika ankehitriny? 1 Korintiana 6:19, 20; 10:31; 2 Timoty 1:7; Isaia 7:15. Nahoana isika no tsy manova ireo fitsipika ara-pahasalamana rehefa miaraka amin' ny namana sy ny havana?**

---

"Ireo izay manandratra ny fenitra mba hanatrarana araka izay azo atao ny baikon' Andriamanitra, araka ny fahazavana izay nomena azy ireo tamin' ny alalan' ny Teniny sy ny filazan' ny Fanahy, dia tsy hanova ny fanaony mba hampifaliana ny havana aman-tsakaizany iray na roa na vahoaka izay manana fiainana mifanohitra amin' ny fandaminan' Andriamanitra. Raha mihazona ny foto-kevitsika isika amin' io lafiny io, raha mitandrina ireo fitsipiky ny fomba fihinana isika, raha manazatra ny lelantsika hifanaraka amin' ny drafitr' Andriamanitra isika, dia hanana hery miasa mangina izay iarahana amin' ny Fanahin' Andriamanitra. Ny fanontaniana mipetraka dia izao: 'Tena vonona ny ho tonga mpanavao ara-pahasalamana marina ve isika?'"—*Counsels on Diet and Foods,* pp. 35, 36.

**b. Ahoana no tokony hiainantsika ny fiainana Kristianina? 1 Jaona 3:18; Matio 5:16; 1 Tesaloniana 2:12. Inona no loza mananontanona antsika rehefa manova filamatra mba ho fanomezana fahafaham-po ny havana aman-tsakaiza isika?**

---

"Maro no mihevitra fa tsy maintsy mandefitra kely izy mba hampifaly ny havana aman-tsakaizany tsy mpivavaka. Ary satria tsy mora mandrakariva ny mametraka ny tsipika, dia indrisy fa ny fandeferana iray dia mitarika ho amin' ny iray hafa, mandra-pahatongan' ny fiainan' ny mpanara-dia an' i Kristy iray hitovy tanteraka amin' ny fiainana sy ny toetran' izao tontolo izao. Tapaka ny fifandraisany amin' Andriamanitra. Kristianina anarana fotsiny sisa."—*Messages to Young People,* p. 432.

**c. Rehefa any ivelan' ny fiangonana, inona no fitondran-tena takin' Andriamanitra amintsika? 1 Timoty 4:12; 2 Korintiana 6:17, 18; Titosy 2:14.**

"Ny mahatonga antsika tsy mahataona ny havantsika sy ny namantsika dia satria kely ny fahasamihafana hita eo amin' ny fanaontsika sy ny an' izao tontolo izao."—*Fundamentals of Christian Education,* p. 289.

"Manoloana ireo havana aman-tsakaizantsika, any amin' ireo fifandraisana ara-kasa, amin' ny sehatra rehetra ifaneraserantsika amin' izao tontolo izao, na aiza na aiza, ary amin' ny toe-javatra rehetra, mijoroa ho an' i Jesosy."—*Testimonies,* vol. 5, p. 341.

## 4. TSY MIVADIKA AMIN' IREO FANAPAHAN-KEVITRA

**a. Mba tsy ho voasariky ny namana sy havana any amin' izao tontolo izao, dia inona no fanapahan-kevitra tokony horaisintsika? 1 Korintiana 11:1; Jakoba 1:5; Salamo 119:105; Galatiana 5:24.**

---

"Avelanao hisarika ny fihevitrao ny tenin' ireo namanao sy ny havanao ka miantraika eo amin' ireo fanapahan-kevitrao izany. Raisinao am-pahatsorana izy ireny ka tafaharo amin' ny fomba fihevitrao ary dia tena mivaona matetika. . . . Ny fahaizanao mandanjalanja, ny fahatsapanao, ny fomba fijerinao dia misarika azy ireo, dia toy izany koa, izy ireo dia mandefa hery miasa mangina eo aminao. Amin' izany dia misy hery matanjaka mipaoka ho amin' ny lalan-diso raha tsy manetry sy manolo-tena amin' Andriamanitra ianareo."—*Testimonies,* vol. 3, p. 506.

"Tsy tokony ireo havana na namana tsy mino no hamolavola ny fiainana sarobidy nomen' Andriamanitra antsika ka hampanaram-po ny fiahian' ny nofo, natao ho lanina amin' ny zavatra ankasitrahan' Andriamanitra izany."—Ibid., vol. 4, p. 236.

**b. Inona no andraikitra nomena ny ray aman-dreny mahakasika ny zanany? Ohabolana 22:6. Amin' ny fomba ahoana no mety hanakatsakanan' ny namana sy ny havana izany asa izany?**

---

"Aoka hitandrina amin' ny fanankinanao ny fitaizana ny zanakao amin' ny hafa. Tsy misy olon-kafa afaka hahavita an-tsakany sy an-davany ny adidy izay napetrak' Andriamanitra aminao. . . . Ny lehilahy sy ny vehivavy dia tokony ho feno fanajana ny ray aman-dreniny; Kanefa mahakasika ny fikarakarana ny zanany, dia tsy tokony hisy fisalovanana avy amin' ny hafa mihitsy, aoka hohazoninao mafy eo an-tananao ny familian-tsambo."—*Child Guidance,* p. 288.

**c. Inona no fampitandremana ho an' ireo tsy mitana ny fitsipi-piainana Kristianina? Jakoba 1:6b, 8.**

---

"Enga anie ka homen' Andriamanitra fahendrena ny tsirairay mba hahatsapa ny fahakelezan' ny hery ananany eo amin' ny fitondrana ny sambo ho tody soa an-tseranana. Ny fahasoavan' i Kristy dia zava-dehibe isan' andro. Ny fahasoavany tsy manan-tsahala irery ihany no afaka hamonjy ny diantsika tsy ho rendrika."—*The SDA Bible Commentary* [E. G. White Comments], vol. 6, p. 1109.

"Aza mampilefitra na oviana na oviana ny fahamarinana noho ny amin' ny hafa. Aoka ho olona tapa-kevitra, miorina, tsy misy fisalasalana ianao."—*Spiritual Gifts,* vol. 2, p. 266.

## *Alakamisy* *25 May*

### 5. ASA MANOKANA

**a. Inona no asa manokana ho an' ny tokantrano ahitana ny fahasamihafana? 1 Korintiana 7:12–14, 16.**

---

"Betsaka ireo taratasy voarainay ,mila toro-hevitra. Nisy reny iray nilaza fa tsy mpino ny vadiny. Manan-janaka izy, kanefa ampianarin' ny raim-pianakaviana izy ireo hanohitra. Mampiahiahy ilay reny tokoa ny momba ireo zanany. Very hevitra izy mahakasika ny lalana tokony hizorany. Nambarany tao anatin' ilay taratasy fa maniry fatratra ny hanao asa ho an' Andriamanitra izy, ka nanontany ny hevitro raha toa ka tokony handao ny ankohonany izy, rehefa hita fa tsy hahasoa azy ireo ny safidiny.

"Izao no havaliko azy: Rahavaviko, amin' ny fomba ahoana moa no hisehoanao tsy misy tsiny eo anatrehan' ny Tompo nefa handao ny vady aman-janakao. Heveriko fa na ianao aza tsy ho tafandry mandry amin' izany. . . . Azoko antoka fa adidinao ny hikarakara ireo zanakao. Eo no toeram-piasana nanendrena anao. . . .

"Aoka tsy ho kivy satria Satana nampiasa ny rain-janakao mba hanohitra ny asa ataonao, aza milavo lefona. Ataovy amin' izy ireo izay irinao mba hatao aminao. Ento amim-pahalemem-panahy mandrakariva ny vadinao amin' ny toe-javatra rehetra, ary aoka ny mahazakan' ny fitiavana no hamatotra ireo zanakao aminao. . . .

"Hampahazava ny asanao izany, mba hampamirapiratra ny fahazavanao ao an-tokantrano izay toerana iasan' i Satana hifehezana ny zanakao. . . . Aoka hangina ary aza mitaky ny fanohanan' ny vadinao sy ny zanakao, iaino am-pilaminana ny fiainan' i Kristy. Amin' ny teny, amin' ny toetra amam-panahy, am-pileferana, amin' ny faharetana sy fandeferana, amim-pifaliana, no hanehoanao ny lalana mankany an-danitra."—*Testimonies on Sexual Behavior,* pp. 44, 45.

## *Zoma* *26 May*

### FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Raha tia an' Andriamanitra isika, ahoana no hitondrantsika ny hafa? Iza no tsy azo atao ankilabao?**
2. **Iza ireo olona anefantsika ny adidintsika voalohany indrindra?**
3. **Ahoana no fomba hisarihantsika ireo havana aman-tsakaiza tsy mino?**
4. **Iza no tokony hitana ny familiana eo amin' ny fiainan' ny zanantsika? Nahoana?**
5. **Inona no asa misionera hataon' ny ray na reny miaina ao amin' ny tokantrano misy fahasamihafana?**

## Fanatitra amin' ny Sabata voalohany ho an' ny fananam-piangonana any Madrid




Espaina dia fanjakana midadasika eo ambonin' ilay nosy kely Iberiana ao antsimo andrefan' i Eoropa. Izy ihany koa dia manana vondro-nosy any amin'ny Oseana Atlantika sy ny Ranomasina Mediterane, ary faritra kely maro any akaikin'ny morontsirak'i Afrika Avaratra. Tany anjakan' ny demokrasia izay ialofan' ny vahoaka 46 tapitrisa, manana parlemanta sy lalam-panorenana ary mpitondra tokana. Miroborobo ny orinasam-pizahan-tanyany Espaina, ary firenena fahatelo be mpitsidika indrindra eran-tany izy (2014). Araka ny fikarohana (2015), ny 71.8% ny mponina ao Espaina dia mihevi-tena ho Katolika. Na izany aza, 48.4% n' ny tanora eo anelanelan' ny 18-24 taona ihany no mitonon-tena ho Katolika, ary 47.1% no tsy mihevitra ny resaka fivavahana mihitsy, kristianina na tsy mino an' Andriamanitra.

Madrid, izay voakilasy ho "tanàna kely" raha ara-tantara, no renivohitr' i Espaina. Manana mponina 3.2 tapitrisa ny kaominina lehibe indrindra ao Madrid. Ary 6.5 tapitrisa no fitambaran' ny mponina ao an-tanan-dehibe. Ao ihany koa no fototra ara-barotra ho an' ireo orinasa iraisam-pirenena, foibe ara-politika sy toe-karena ary kolotsainan' i Espaina ihany koa izy.

Ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito Fihetseham-panavaozana dia voapetraka ofisialy tao Espaina ary voakilasy ho finoana tsy Katolika ny taona 1972. Hatramin' izao dia maro ireo mpino, mpitandrina, sy evanjelitra miasa mafy amin' ny fitoriana ny filazantsaran' i Jesosy Kristy Tompontsika ao amin' izany saha izany.

Satria tsara ny fepetra mahakasika ny asa, dia maro ireo mpino ao amin' ny fiangoanantsika no nifindra monina tany Espaina nanodidina ny taona 2000 sy talohan' izay. Vokany dia tsy maintsy nividy tany tao Madrid izahay, ka nanorina tempoly hivavahana. Tsy maintsy nindram-bola tamin' ny banky izahay mba hanatanterahana izany. Ankehitriny dia voaloanay ny ampahatelon' ny vola nindramina. Kanefa vao haingana izay dia nitotongana ny toe-karen' i Espaina, ary mpino maro no voatery nifindra monina any amin' ny firenen-kafa, vokany, nihena ny mambra ao amin' ny fiangonana. Niteraka olana tokoa izany amin' ny famoriam-bola hamerenana ny volan' ny Banky mba hiarovana ny fananan' ny fiangonana.

Noho izany antony izany, dia miantso ny hatsaram-pon' ny rahalahy sy anabavy, zanaka, ary ireo namana maneran-tany izahay mba hanampy anay amin' ny fanolorana mitafotafo. Atolotray mialoha ny fisaorana eram-po sy ny fankasitrahana. Mangataka ny Tompo izahay mba hitahy anareo rehetra mbamin' ny ankohonanareo.

*Ny rahalahinareo sy anabavinareo aty Madrid*

# Ny ankohonana ao am-piangonana

**“Aoka haharitra ny fitiavana ny rahalahy.” (Hebreo 13:1).**

“Mety manao fahadisoana ny olona rehetra. Tsy misy tanteraka. Maty ho an’ ny mpanota i Kristy mba hahazoan’ izy ireo ny famelan-keloka. Tsy anjarantsika ny manameloka. Kristy dia tonga mba hamonjy fa tsy hanameloka.”—*In Heavenly Places,* p. 292.

**Atolotra hovakiana:** *Testimonies,* vol. 2, pp. 73–77.

## *Alahady* *28 May*

### 1. MANAMPY IREO MANODIDINA ANTSIKA

**a. Antokon’ olona iza no tokony hoheverintsika manokana? Galatiana 6:10. Nahoana? Matio 12:50.**

---

“Hitako fa sitrapon’ Andriamanitra ny hampitoetra eo anivon’ ny fiangonana ny mpitondra tena sy ny kamboty, ny jamba, ny marenina, ny kilemaina, ary ireo olona sahirana isan-karazany. Izany dia mba hisedrana ny vahoakany sy ho fampivelarana ny toetra. Ireo anjelin’ Andriamanitra dia manara-maso ny fomba fitondrantsika ireo olona mila ny fangorahantsika, ny fitiavantsika, ary ny fanampiantsika ireo. Fitsapan’ Andriamanitra ny toetrantsika izany. Raha manaraka ny tena fivavahan’ ny Baiboly isika, dia ho tsapantsika fa ny trosam-pitiavana, ny hatsaram-panahy, ary ny fiahiana izay tokony hataontsika amin’ i Kristy dia tsy maintsy efaina amin’ ireo rahalahiny madinika ireo; ary ny fiahiana sy ny fitiavana tsy mila tambiny amin’ ireo rahalahy mahantra ireo no fomba tsara indrindra ahafahantsika maneho ny fankasitrahana ilay fitiavana tsy hita fetra sy ny fahasoavany natolotra ho an’ ny mpanota toa antsika.”—*Testimonies,* vol. 3, p. 511.

**b. Inona no adidy efaintsika, raha manana ny fivavahana marina isika? Jakoba 1:27; Marka 14:7.**

---

“Ny toerana misy fijaliana sy filana fanampiana, dia toerana natao hanaovana asa misionera.”—*Welfare Ministry,* p. 35.

## 2. MAMBOLY NY FIFANKATIAVAN' NY MPIRAHALAHY

**a. Ahoana no nanehoan' Andriamanitra ny fitiavany antsika? Inona no takian' izany? 1 Jaona 4:9, 11; Jaona 3:16.**

"Rehefa mahita ny Mpamonjiny maty eo amin' ny hazo fijaliana, milanja ny ozon' ny ota eo amin' ny toerany ny mpanota iray, ka mibanjina ny fitiavany mamela heloka, dia mifoha ao am-po ny fitiavana. Tia an' i Kristy ny mpanota, satira Kristy efa tia azy taloha."—*Selected Messages,* bk. 1, p. 374.

"Ny fanahy iray izay itoeran' i Kristy dia tsy hiady amin' ny fanahy hafa. Tsy maintsy mianatra ny hiaritra ny toetran' ireo manodidina antsika isika. Raha fehezin' ny sitrapon' i Kristy ny sitrapontsika, moa hahavita hifanandrina amin' ny rahalahintsika va isika? Raha misy ny fifandirana, dia tokony ho fantatsika fa ny antony dia satria tsy mbola voahombo ny izaho. Raha i Kristy no manafaka dia ho afaka tokoa. Tsy tanteraka ao amin' i Kristy isika raha tsy mifankatia tahaka ny nitiavan' i Kristy antsika. Raha manao izany isika, araka izay nandidian' i Kristy antsika, dia ho voaporofo eo amintsika fa tanteraka ao Aminy isika."—*This Day With God,* p. 262.

**b. Mba ahafahantsika mitia ny rahalahintsika, ahoana no tokony ho fifandraisantsika amin' Andriamanitra? 1 Jaona 4:7, 12.**

"Ny olona rehetra teraka ao amin' ny ankohonan' ny lanitra dia iray tampo amin' ny Tompo. Ny fitiavan' i Kristy no mampifamatotra ireo mambry ny ankohonany, ary na aiza na aiza no iainana izany fitiavana izany dia voaseho ny toetry ny fifandraisana avy amin' Andriamanitra."—*The Desire of Ages,* p. 638.

"Adidintsika ny mivelona ao amin' ny rivom-piainan' ny fitiavan' i Kristy, hisintona lalina ny fitiavany, ary hampita izany mba hanafana ny manodidina antsika."—*Our High Calling,* p. 175.

**c. Ahoana no tokony hifankatiavantsika? 1 Petera 1:22, 23.**

"Andriamanitra irery ihany no afaka mitarika anao hahatakatra ny famindram-pony sy ny fitiavany, ary faharetana mba hananana ny finoana izay miasa amin' ny fitiavana sy manadio ny fanahy. Fanomezana avy amin' Andriamanitra izany."—*This Day With God,* p. 83.

## 3. MITOMBO AMIN' NY FANANDRAMANA ATAON' NY TENA MANOKANA

**a. Inona no safidy tokony atao, hananantsika fanandramana Kristiana mampitombo? Efesiana 4:21–24.**

---

"Ny asa fanovana dia zavatra tsy ankasitrahan' ny maro. Tsy zavatra kely izany hoe manova olon' izao tontolo izao izany, olona manana saina tia fahotana no entina hahatakatra ny fitiavan' i Kristy, ny fahatsaran' ny fahasoavany, ary ny fahambonian' Andriamanitra, mba hahatonga ny fanahy ho vonton' ny fitiavan' Andriamanitra ka ho voasarik' ireo zava-miafin' ny lanitra. Rehefa takatry ny sainy ireo rehetra ireo, dia tonga maharikoriko sy ratsy eo anatrehany ny fiainany teo aloha. Halany ny fahotana, ka hanokatra ny fony eo amin' Andriamanitra izy, i Kristy no fiainany sy fahasambaran' ny fanahiny. Ialany ireo fahafinaretany taloha. Saina vaovao, fironana vaovao, sitrapo vaovao no ao aminy; ny alahelony, ny faniriany, ary ny fitiavany, dia vaovao avokoa. . . . Ny Tenin' Andriamanitra, izay nahamonamonaina sy tsy nahaliana, dia lasa ivon' ny fianarany sy mpanolo-tsaina azy ankehitriny. Taratasy nosoratan' Andriamanitra ho azy izany, mirakitra ireo hafatra avy amin' i Jehovah. Ny fisainany, ny teny aloaky ny vavany, ary ny asany dia entina sedraina eo amin' ity fitsipika ity. Mangovitra eo anatrehan' ireo baiko sy fampitandremana voarakitra ao izy, no sady mamikitra mafy amin' ireo teny fikasana ka mampahatanjaka ny fanahiny amin' ny fandraisana ireny ho an' ny tenany."—*The Faith I Live By,* p. 139.

**b. Inona no zavatra hanampy antsika hitombo ara-panahy? 2 Petera 3:18.**

"Hahazo hery ny Kristianina iray amin' ny alalan' ny fampaherezana ny hafa. 'Izay mandena dia mba holemana kosa.' Tsy fampanantenana fotsiny izany; fa didin' Andriamanitra, lalàna izay anehoan' Andriamanitra fa ny asa an-tsitrapo, dia tahaka ny riandrano, izay mikoriana mandrakariva, ary na ho ela na ho haingana dia tsy maintsy miverina any amin' ny loharano nipoirany ihany. Ao amin' ny fanatanterahana ny didy no misy ny tsiambaratelon' ny fitomboana ara-panahy. . . .

"Ahoana no hahatanteraka ny fitomboana amin' ny fahasoavana? Tanteraka izany rehefa foana ao am-pontsika ny izaho, ka atolotsika eo amin' ny lanitra, mba hovolavolainy handray ny endrik' Andriamanitra. . . . Ary satria mahatanteraka ireo fepetra ny amin' ny fitahian' Andriamanitra isika, dia ho afaka ny handray amin' ny fatra be be kokoa ny fahasoavany."—*The SDA Bible Commentary* [E. G. White Comments], vol. 7, p. 947.

"Afaka ny hahalala bebe kokoa momba an' i Jesosy isika amin' ny fitandrahana ny Soratra Masina, ary hanaraka ny lalan' ny fahamarinana sy ny fahitsiana. Ireo izay mitombo amin' ny fahasoavana no ho afaka hijoro sy handroso."—*Messages to Young People,* p. 121.

## 4. MIKARAKARA IREO DISO LALANA

**a. Inona no tokony ho tsaroantsika eo amin' ny fifandraisaintsika amin' ireo rahalahy sy anabavintsika? Lioka 21:19; Jaona 15:12.**

---

"Omeo fitiavana ireo izay mila izany fatratra. Ireo olona tena ory, ireo manana toe-po tena ratsy dia mila ny fitiavantsika, mila ny fiheverantsika ary indrindra mila ny fangorahantsika."—*Fundamentals of Christian Education,* p. 281.

"Ilaintsika ny hanomboka izany fifanehoam-pitiavana izany. Ny zavatra ilain' ny fontsika dia ny fitiavan' i Kristy. Rehefa alevina ao amin' i Kristy ny izaho, dia hisy loharanom-pitiavana marina hiboiboika avy ao anaty."—*Gospel Workers,* p. 497.

"Ilaina ny fanehoana ny faharetana sy fitiavana ny mpanota, tahaka izay nananan' i Kristy. Kanefa mampanahy tokoa ny fanehoana fandeferana ny amin'ny fahadisoan' ny olona, andrao dia misy mihevi-tena ho tsy mendrika fananarana, ka hilaza izany fa diso toerana sy tsy rariny."—*The Acts of the Apostles,* p. 504.

"Aoka hotoloran-tanana ireo izay tena trotraka, dia ireo resim-pahotana, eny fa na dia ireo nandratra sy nanao tsinontsinona ny faharetanao aza. Ny toa azy ireo indrindra no mampangoraka an' i Kristy satria Satana dia mahery kokoa eo amin' izy ireo ka manararaotra ireo fahalemeny; mampitodika ny zana-tsipikany eo amin' ny tsy manana fiarovana izy."—*Testimonies,* vol. 2, p. 75.

**b. Raha mahare tatitra ratsy ataon' ny rahalahy anakiray mahakasika ny anankiray hafa isika, inona no dingana voalohany tokony harahina? Matio 18:15; Levitikosy 19:16.**

---

"Aza mihaino ny tatitra ratsy entin' ny rahalahy eo aminao. . . . Anontanio izy raha efa nanaraka ny tenin' Andriamanitra mialohan' ny hiampangana ny hafa. Mazava ny toro-lalana navelan' i Kristy mahakasika ny tokony hatao. Manatona ny rahalahinao ao amin' ny mangingina ka lazao azy ny fahadisoany. . . .

"Na misy na tsia elanelana eo aminao sy ilay voapanga, dia tsy miova ny baikon' i Kristy. Mila ny fanampianao ny rahalahinao. Lazao azy, ary aminy irery ihany, ny tatitra ataon' ny hafa momba azy. Omeo fahafahana hanazava izy. Mety ho diso tokoa mantsy ny resaka mifamoivoy, ary ny fanazavana tsotra ihany dia afaka hamaha olana. Izany fihetsika izany dia mendrika hatao na amin' iza na amin' iza heverina ho nanao fahadisoana."—*In Heavenly Places,* p. 292.

## 5. MITADY IZAY HANARENANA

**a. Inona no fihetsika tokony asehontsika amin' ireo diso lalana? Inona no tokony ho tanjona? Galatiana 6:1, 2; 1 Petera 4:8; Titosy 3:2.**

---

"Araiketo ao an-tsaina fa ny asa famonjena dia tsy maintsy iantsorohantsika. Izany asa izany dia tsy azo atao am-pireharehana. . . .

"Izay tsy mihevitra ny fahantran' ny rahalahiny dia hampandalovin' Andriamanitra amin' ny zava-tsarotra toy izay niainan' ny rahalahiny, ary amin' ny alalan' ny fanandramana mangidy kokoa no hanaporofoana aminy fa izy koa dia mba mila ny fanampiana izay nantenain' ireo nailikiliny."—*Testimonies,* vol. 6, pp. 398, 399.

**b. Inona matetika no zavatra manakana ny famonjena ny very? Ohabolana 11:13; 18:8.**

---

"Ny fosafosa, ny bitsibitsika, ny famadihana ny tsiambaratelo, ary ny famoaboasana ny toetran' ny hafa, dia mampisaraka ny fanahy amin' Andriamanitra. Mampihena ny hery miasa mangina izany, ary mitondra fahafatesana ho an' ny fanahy. . . .

"Tokony hitandrina ny Kristianina amin' ny teny aloaky ny vavany. Tsy tokony hanao tatitra ratsy momba ny rahalahiny any amin' ny hafa izy, indrindra raha efa fantatra fa tsy tsara ny fifandraisan' izy roa tonta. Tsy rariny ny miahiahy ny namana sy ny manao resaka tsy mari-pototra, na dia mahalala zavatra mahakasika azy izay mety tsy ho fantatry ny hafa aza ianao. Ny fiahiahiana toy izany dia mitombo, ary miteraka fiheveran-diso, izay mampifandray toe-javatra samy hafa tsy misy ifandraisany. Inona moa no fahasimbana tsy efa nihatra tamin' ny fiangonana vokatr' izany!"—Ibid., vol. 2, pp. 185, 186.

# Zoma — 2 Jona

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Ahoana no anehoantsika fa manaraka ny fivavahan' ny Baiboly marina isika?**
2. **Araka ny Baiboly, ahoana no tokony hifampitondran' ny mpianakavin' ny finoana?**
3. **Ahoana no hahatonga antsika ho Kristianina matanjaka kokoa?**
4. **Ahoana no hampifankatia antsika? Iza ireo tokony anehoantsika fitiavana manokana?**
5. **Inona no hahazo antsika raha tsy manampy amin' ny famerenana ireo rahalahintsika diso lalana isika?**

# Ny fiangonana: fahazavana iray ho an' izao tontolo izao

**"Hianareo no fahazavan' izao tontolo izao" (Matio 5:14).**

"Ny tanjon' Andriamanitra ho an' izao tontolo izao izay nokasainy ho taterahina tamin' ny alalan' ny Isiraely, firenena voafidy; dia hotanterahiny amin' ny alalan' ny fiangonany eto an-tany ankehitriny."—*Prophets and Kings,* p. 713.

**Atolotra hovakiana:** *Vavolombelona Mahery,* pp. 11–23.

## *Alahady* — *4 Jona*

### 1. VAHOAKA IRAY MANEHO NY TOETRAN' ANDRIAMANITRA

**a. Inona no tanjona hotanterahina amin' ny alalan' ny fiangonana? Efesiana 3:9–11; 2 Korintiana 4:6; 1 Petera 2:9.**

---

"Planin' Andriamanitra hatramin' ny voalohany ny hitaratra amin 'izao tontolo izao amin' ny alalan' ny fiangonany ny fahafenoany sy ny hareny. Ireo mambry ny fiangonana, ireo izay nantsoiny avy tamin' ny haizina ho amin' ny fahazavany mahagaga, dia tokony haneho ny voninahiny. Ny fiangonana no firaketany ireo haren' ny fahasoavan' i Kristy; ary mbola amin' ny alalan' ny fiangonana ihany koa no hanehoana amin' ny farany na dia 'ireo fanapahana sy fahefana any an-danitra' aza, dia ny fampisehoana fara-tampony ny fitiavan' Andriamanitra. Efesiana 3:10."—*The Acts of the Apostles,* p. 9.

**b. Inona no iraka nampanaovin' Andriamanitra antsika, ary ahoana no handraisantsika anjara amin' izany iraka izany? 2 Korintiana 5:18, 19; Jaona 20:21.**

---

"Nitotongana noho ny ota ny olombelona ka nanjary tsy azony atao amin' ny herin' ny tenany, ny hanana firindrana amin' Ilay manana ny fahatsarana sy fahadiovana. Kanefa i Kristy, taorian' ny nanafahany ny olombelona tamin' ny fanamelohan' ny lalàna, dia afaka mizara ny herin' Andriamanitra ary manakambana izany amin' ny ezaka ataon' ny olombelona. Noho izany, amin' ny alalan' ny fibebahana sy ny finoana an' i Kristy, ny zanak' i Adama efa lavo dia afaka ho tonga 'zanak' Andriamanitra indray. (1 Jaona 3:2)."—*Patriarchs and Prophets,* p. 64.

## 2. MIASA AO AMIN' NY FIRAISANA AMIN' I KRISTY

**a. Inona no nangatahan' i Jesosy tamin' ny Rainy ho an' ny mpianany mba hananan' izy ireo hery hijoroany vavolombelona amin' izao tontolo izao? Jaona 17:20, 21.**

---

"Nahitana mariky ny fahasamihafana teo amin' ireo mpianatra voalohany [nofidin' i Kristy]. Izy ireo no ho mpampianatr' izao tontolo izao. Hita teo amin' izy ireo anefa ny fahasamihafan-toetra izay tena nifanipaka tokoa. Mba hampahomby ny asa izay niantsoana azy ireo, dia ilaina ny hanovana ireto lehilahy ireto ho tonga iray amin' ny fahatsapana, sy ny fisainana, ary amin' ny asa. Izany firaisana izany no zavatra narovan' i Kristy fatratra. Nikendry ny hitarika azy ireo ho amin' ny firaisana Aminy Izy."—*The Acts of the Apostles,* p. 20.

"Mahalana no ahitantsika olona roa mitovy tanteraka. Na eo amin' ny samy olombelona na eo anivon' ny zava-boahary, dia hita hatrany ny fahasamihafana. Firaisana ao anatin' ny fahasamihafana eo anivon' ny zanak' Andriamanitra ny fisehoan' ny fitiavana sy ny fandeferana na dia eo aza ny fahasamihafan-toetra ,izany no nasehon' Andriamanitra tamin' ny nandefasany ny Zanany ho amin' izao tontolo izao mba hamonjy ny mpanota.

"Arakaraky ny maha-èty ny firaisantsika amin' i Kristy, no haha-èty kokoa ny firaisantsika samy isika."—*Sons and Daughters of God,* p. 286.

**b. Toetra manao ahoana no maneho marina ny finoana sy ny fahamarinana tanantsika? Efesiana 4:1–3, 31, 32.**

---

"Misy toetra izay tokony hotanantsika, dia ny toetran' i Kristy. . . . Kristy ao anatintsika dia ho hita eo amin' ny rahalahintsika koa, ary ny Fanahy Masina no hampiray ny fo sy ny asantsika izay haneho amin' izao tontolo izao fa zanak' Andriamanitra isika."—*God's Amazing Grace,* p. 211.

"Mianara amin' Ilay Mpampianatra lehibe. Ny tenim-pahendrena, ny fahalemem-panahy dia ho toy ny fanafody, hanasitrana ireo fanahy kivy. Ny fahalalana ny Tenin' Andriamanitra izay ampiharina amin' ny fiainana dia hitondra fanasitranana, hery mampitony."—*Gospel Workers,* p. 163.

"Betsaka ireo izay lavo ary tonga ketraka noho ny adim-piainana, tenim-pitiavana sy fampaherezana iray dia afaka hampahery azy ireo mba handresy. . . . Tsy hay ambara hoe hatraiza no azon' ny teny mamy ataontsika tratrarina, ny ezaka ataontsika dia manamaivana ny hafa. Ny hany fomba ahazoana mamerina indray ireo very dia ny fahalemem-panahy, ny fangorahana, ary ny fitiavana."—*My Life Today,* p. 235.

## 3. MANEHO NY FITIAVAN' ANDRIAMANITRA AMIN' NY HAFA

**a. Ahoana no tokony hataontsika amin' ireo mpiray fanantenana amintsika? Filipiana 2:3. Nahoana no tokony hanetry tena isika amin' ny fanehoan-kevitra? Matio 23:8; 1 Korintiana 4:7; 2 Korintiana 10:12.**

---

"Ireo izay ao amin' i Kristy dia tonga iray Aminy, hanana fifandraisana ety amin' ny hafa, ary voafatotry ny kofehim-pitiavana."—*Sons and Daughters of God,* p. 300.

"Manombo ny tena, mihevitra ny hafa mihoatra noho ny tena. Izany no hahatonga anareo ho iray amin' i Kristy. Haneho porofo tsy azo lavina ny maha zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra ianareo, eo anatrehan' ny lanitra, ary ny fiangonana. Homem-boninahitra Andriamanitra amin' ny ohatra asehonareo."—*Testimonies,* vol. 9, p. 188.

**b. Raha toa ka tsy misy fandikan-dalàna miharihary, inona no fitsipika tokony harahintsika mba hanajana ny faharesen-dahatry ny tsirairay? Romana 14:10, 13.**

---

"Ny olona tsirairay dia manan-jo. Samy manana ny toetrany sy ny maha izy azy. Tsy misy afaka manery ny hafa hanahaka azy. Ny rehetra dia tsy maintsy mahatsapa tena, araka izay itondran' ny feon' ny fieritreretany azy."—*Testimonies to Ministers,* p. 422.

"Tsy misy feo na fahefan' olombelona azo avela hifehy na hibaiko."—*Medical Ministry,* p. 165.

**c. Inona no fepetra tsy maintsy apetraka mba hisian' ny firahalahiana marina? Ary inona no fanadramana hiainantsika avy amin' izany? 1 Jaona 1:7.**

---

"Na iza na iza mitoky amin' ny fahamendrehan' ny Mpamonjy, ka manantona an' Andriamanitra dia ekeny. Hiboiboika avy ao am-po ny fitiavana. Mety tsy hisy fihetseham-po manaitaitra izany, kanefa dia misy toky sy fiadanam-po maharitra. Maivana ny entana; satria ny ziogan' i Kristy dia mora. Tonga mahafaly ny adidy, ary ny sorona atao dia tonga fahafinaretana. Ny lalana izay toa feno haizina teo aloha dia tonga mazava noho ireo taratra avy amin ' Ilay Masoandron' ny Fahamarinana. Izany no atao hoe mandeha amin' ny mazava tahaka ny nandehanan' i Kristy tamin' ny mazava."—*Selected Messages,* bk. 1, p. 354.

## 4. MIASA AMIM-PIRINDRANA

**a. Amin' ny fomba ahoana no nanehoan' Andriamanitra ny planin' ny famonjena teo amin' ny lalan' ny Damaskosy sy ny fiovam-pon' i Paoly? Inona no lesona ho an' ny fiangonantsika mahakasika ny asa famonjem-panahy? Asan' ny Apostoly 9:6, 10, 11, 15.**

---

"Manolotra fitsipika manan-danja ho antsika ny fiovam-pon' i Paoly, ary tokony hohazonina ao an-tsaina izany. Ilay Mpanavotra izao tontolo izao dia tsy mankasitraka ny fanandramana sy ny asam-panompoana atao ivelan' ny fandaminany sy ny fiangonany, eo amin' ny toerana izay ahitana ny fiangonany.

"Maro ireo mihevitra fa tompon' andraikitra eo anatrehan' i Kristy irery ihany izy ireo amin' ny fahazavany sy ny fanandramany, ka tsy misy idiran' ireo mpanaradia Azy maneran-tany izany. Tamin' ireo fampianarany sy ireo ohatra, ary ny toe-javatra maro, dia nomelohin' i Jesosy izany fihevitra izany. Teto i Paoly, iray amin' ireo novolavolain' i Kristy ho amin' ny asa lehibe indrindra, nofidiny ho fantsona ho azy dia nantsoina mivantana teo anatrehan' i Kristy, kanefa tsy avy hatrany dia nampianatra azy ny fahamarinana Izy. Nosakanany ny lalany ary noreseny lahatra izy; ary rehefa nanontany izy hoe 'Inona no tianao hataoko?' dia tsy novalin' ny Mpamonjy avy hatrany izany, fa nampifandraisiny tamin' ny fiangonana aloha izy. Ireo no hilaza aminao izay tokony hataonao."—*Testimonies,* vol. 3, pp. 432, 433.

**b. Inona no fifandraisana misy eo amintsika, fiangonana' Andriamanitra, sy Kristy? Efesiana 4:14–16.**

---

"Na dia tsy mitovy aza ny talenta sy ny fahafaha-manaon' ny Kristiana mikambana ao amin' ny fiangoana, dia adidin' ny tsirairay ny miasa. Ny talenta tsy mitovy, kanefa nomena asa ny olona tsirairay. Ny rehetra dia miankina amin' i Kristy ao amin' Andriamanitra. Izy no Filoham-boninahitra ho an' ny saranga sy kilasy rehetra miray amin' ny finoana ny Tenin' Andriamanitra. Mifamatotra amin' ny alalan' ny finoana ireo fitsipiky ny lanitra, ary izy rehetra dia miankina amin' Ilay Tompon' ny finoana sy Mpanefa azy. Izy no namorona ireo fitsipika izay miteraka firaisana sy fifankatiavana manerana ny fiangonana. Eo amin' ny fitiavany no tokony hifantohan' ireo mpanaraka Azy. Tsy tokony hitsahatra ny hikatsaka ny fahatanterahana eo aminy izy ireo. Raha iainana ireo fitsipiky ny maha-Kristiana, dia hiteraka firindrana maneran-tany izany sy fiadanana tonga lafatra. Rehefa vonton' ny Fanahin' i Kristy ny fo, dia tsy hisy ny fifandirana, ny fitadiavana toerana ambony, tsy misy hiezaka ho tonga mpifehy."—*The Upward Look,* p. 104.

# *Alakamisy* — *8 Jona*

## 5. VOALAMINA HO AMIN' NY FANOMPOANA

**a. Ahoana no tokony hanehoana ny fitiavantsika ireo rahalahy sy anabavintsika? 1 Jaona 3:18.**

---

"Ireo rehetra teraka ao amin' ny fianakavian' ny lanitra dia raisina ho toy ny mpiray tampo amin' ny Tompo. Ny fitiavan' i Kristy no mampifamatotra ny ankohonany, ary na aiza na aiza no iainana ny fitiavana dia miseho ny firaisan' ny lanitra. 'Ary izay rehetra tia no naterak'Andriamanitra sady mahalala an'Andriamanitra.' (1 Jaona 4:7).

"Ireo izay entin' i Kristy eo amin' ny fitsarana dia mety ho kely ihany ny fahalalany ny momba an' Andriamanitra, kanefa izy ireo dia tia ireo didiny. Amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahin' Andriamanitra dia tonga fitahiana ho an' ny manodidina azy izy ireo.

**b. Ahoana no nanehoan' i Jesosy fa ny fiainam-panompoana dia tena fahalehibiazana? Marka 9: 35; Matio 20: 25–28.**

---

"Ny fiainan' ny Mpamonjy teto an-tany dia tsy mora sady feno fandavan-tena, kanefa dia niasa tamim-pikirizana, sy tamin' ny fo tokoa Izy, niezaka tsy nety sasatra ho fanavotana ny olombelona very. Hatrany am-pihinanam-bilona ka hatrany Kalvary dia nandia ny lalan' ny fandavan-tena Izy kanefa tsy mba nikatsaka izay hialana tamin' ireo asa mafy, sy ireo dia lavitra naharary ary ireo asa sy fikarakarana mandreraka. . . . Ny hanao ny sitrapon' Andriamanitra sy ny hamita ny asany no sakafo fihinany sy rano fisotrony. Ny fitiavan-tena sy fitadiavana tombontsoa manokana dia tsy nanana toerana teo amin' ny asany.

"Koa ireo mpandray anjara amin' ny fahasoavan' i Kristy dia ho vonona hanao sorona ny zava-drehetra, mba handraisan' ny hafa izay efa nanoloran' i Kristy ny ainy ihany koa ny fanomezan' ny lanitra. Hanao izay azony atao izy ireo mba hanasoavana ny tany satria mponina ao izy ireo."—*Steps to Christ,* p. 78.

# *Zoma* — *9 Jona*

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Inona no tokony hasehon' ny fiangonana amin' izao tontolo izao?**
2. **Ahoana no ahazoantsika maneho firaisana marina ao amin' ny fiangonana?**
3. **Ahoana no hananantsika ny fitiavana lalina ny hafa izay tsy fahatsapana ivelambelany fotsiny?**
4. **Inona fatorana mampiray antsika amin' ny rahalahy sy anabavintsika?**
5. **Raha manaraka ny ohatr' i Jesosy isika, inona no zavatra irintsika hatao?**

# Fahatokiana eo amin' ny asa aman-draharaha

**"Mahita olona mailaka amin'ny raharahany va ianao? Eo anatrehan'ny mpanjaka no hitsanganany, fa tsy hitsangana eo anatrehan'ny olona ambany izy." (Ohabolana 22:29).**

"Ny fivavahana no tsy maintsy atao anton-draharaha lehibe eo amin' ny fiainana. Ny ankoatry izay dia mitana ny laharana faharoa. Tsy maintsy afantoka amin' ny ady Kristianina ny herin-tsaintsika manontolo, ny vatana, ary ny fanahy. Tsy maintsy mijery an' i Kristy isika mba hahazo hery sy fahasoavana, azo antoka fa hibata ny fandresena isika satria maty ho antsika Jesosy."—*The Sanctified Life,* p. 93.

**Atolotra hovakiana:** *Education,* pp. 135–145.

## *Alahady* *11 Jona*

1. MANARAKA ILAY MODELY

**a. Ahoana no tokony itondrantsika ireo asa aman-draharahantsika? Hebreo 8:5; Matio 5:48.**

---

"Amin' ny zavatra rehetra izay andalovan' ny tanana Kristiana dia tokony hahitana taratra ny fiainana mandrakizay. Raha asa fambolena na asa manodidina ny zava-boahary dia vao maika azo anehoana taratry ny lanitra. . . . Amin' ny alalan' ny fahasoavan' i Kristy, ny zava-drehetra dia natao mitaratra tanteraka ny toetran' i Kristy, ary ny vahoakan' Andriamanitra dia manome voninahitra Azy rehefa mampiasa ireo fitsipiky ny lanitra eo amin' ny fiaraha-monina sy ny asa aman-draharahany."—*In Heavenly Places,* p. 154.

**b. Nanao ahoana Jesosy teo amin' ny asany andavanandro mialohan' ny nanaovany ny iraka nampanaovina Azy? Lioka 2: 52.**

---

"Jesosy dia nanao ny asa tamim-pifaliana sy voakaly tsara. Ny fitondrana ny fivavahan' ny Baiboly any amin' ny fiainan' ny olona sy any amin' ny toeram-piasana dia mitaky faharetana betsaka sy aim-panahy, mandritra izany dia tsy maintsy aseho ny voninahitr' Andriamanitra. Teo amin' izany toerana izany no nisy an' i Jesosy Ilay mpikarakara. Nanam-potoana mandrakariva ho an' ny zavatry ny lanitra Izy ka tsy namela ny fiainany ho tototry ny zavatry ny tany."—*The Desire of Ages,* p. 73.

## 2. FAHATOKIANA TSY MANDEFITRA

**a. Inona no zavatra lanjain' Andriamanitra eo amin' ny mizanan' ny lanitra? 1 Samoela 2:3; Isaia 26:7; Salamo 62:9.**

---

"Lanjain' Andriamanitra ny antony manosika, ny tanjona, ary ny toetra. Ny olombelona rehetra dia voalanja eo amin' ny mizanan' ny fitoerana masina, ary Andriamanitra hahalala ny zava-drehetra. . . .

"Ny hevitra miafina ao am-po lalina, ny tsiambaratelo ao anatintsika dia tsy misy miafina eo anatrehan' Andriamanitra, ary takany avokoa. . . . Ny fitiavana an' Andriamanitra amin' ny fo rehetra, ny saina, ny fanahy ary ny hery, sy ny hoe 'tiava ny namanao tahaka ny tenanao ', ireo dia toy ny vato mizana eo ambonin' ny lela-mizana andaniny, ary ny toetran' ny olombelona tsirairay no sedraina sy lanjaina eo amin' ny lela-mizana ankilany. . . .

"Zava-doza tokoa raha ahitana lesoka isika amin' ny andron' ny Tompo, noho izany dia mila mandinika fatratra isika,ary sedraina amin' ny didy masin' Andriamanitra ireo antony manosika antsika hiasa. Ibebahana ny ota tsirairay, ary amin' ny maha mpanota dia mandray ny fahamendrehan' i Kristy hameno ny banga. Ny ràn' i Kristy irery no afaka hanatanteraka izany."—*Our High Calling,* p. 139.

**b. Ahoana no tokony ho toetrantsika amin' ireo fandraharahana iarahantsika amin' ny hafa? Romana 12:17; Joba 31:6.**

---

"Ny olona mahatoky sy marina dia tsy mba manararaotra ny fahalemena na ny tsy fahaizan' ny hafa mba hamenoana ny poketrany. Manaiky ny hizara mitovy izay azony amin' ny varotra izy. Raha misy tsiny na lesoka eo amin' ny zavatra amidiny, dia tsoriny amin' ny rahalahiny na ny namany izany, eny fa na dia mety hiteraka fatiantoka ho azy aza.

"Tokony ho hentitra mandrakariva amin' ny fihazonana ireo filamatry ny fahatokina na dia amin' ny zavatra madiniky ny fiainana aza. Tsy filamatra manjaka eto amin' ny tontolontsika ireo, satria Satana, ilay mpamitaka, mpandainga, ary mpampahory no mpitarika eto, ary ireo mpanompony dia manaraka azy sy manao izay hahatrarana ny tanjony. Ireo Kristitana kosa anefa dia manompo Tompo hafa, ny asany rehetra dia tsy maintsy atao ao amin' Andriamanitra, ary tsy manisy lanja ireo tombotsoa azo avy amin' ny fitiavan-tena."—*My Life Today,* p. 330.

**c. Inona no fampanantenana avy amin' Andriamanitra ho an' ireo mahatoky? Filipiana 4:19.**

---

"Na inona na inona asa tianao hatao, dia aza alaim-panahy hihevitra fa tsy hahomby ianao raha tsy mandika ny sasantsasany amin' ireo filamatra ireo."—*The Review and Herald,* August 19, 1884.

## 3. NY MPANDRAHARAHA KRISTIANA

**a. Inona no tsy maintsy neken' ireo fahavalon' i Daniela mahakasika ny asany? Daniela 6:5. Inona no azontsika ianarana avy amin' izany fanandramany izany?**

---

"Ireo izay miasa eo amin' ny sehatry ny fandraharahana dia tokony hitandrina mahakasika ny filamatra sy fomba fiasa mba tsy hanao fahadisoana. Ny tatitra momba azy dia tokony hanahaka ny an' i Daniela nanoloana ny fitsaran' ny Babilona. Ny tatitra mahakasika ny raharaham-piainany, na dia tsy feno aza izany, dia ahitana lesona lehibe. Izany dia maneho fa ny mpandraharaha dia tsy voatery ho fangoloka, na fetsifetsy. Mety ho olona matahotra an' Andriamanitra izy amin' ny zavatra rehetra. Daniela dia sady praimisitra tao amin' ny fanjakan' i Babilona no mpaminanin' Andriamanitra koa, mandray ny fahazavana avy any an-danitra. Ny fiainany dia ohatra ho an' ny mpandraharaha Kristiana tsirairay."—*Testimonies,* vol. 7, p. 248.

**b. Inona no azontsika ianarana avy amin' i Abrahama mahakasika ny fomba itondrantsika ny raharahantsika? Genesisy 23:7–16.**

---

"Diniho tsara ny ady varotra nataony [Abrahama] tamin' ireo zanak' i Heta, mba hividianany ny tany handevenana an' i Saraha. Na dia tao anatin' ny fahoriana aza izy dia tsy nanadino ny fahalalam-pomba. Niankohoka teo anatrehany izy, na dia lehilahin' Andriamanitra aza. Fantatr' i Abrahama ny fahalalam-pomba sy ny tokony hataony amin' ny namany.

"Tsy sanatria akory hanadino ny tenantsika isika raha mikatsaka izay ahafahantsika mampahery, manazava ary manamaivana ny fahoriana sy ny enta-mavesatry ny hafa amin' ny alalan' ny asa soa, hatsaram-panahy, ary asam- pitiavana kely. Ireo asa soa atao am-piheverana, izay atomboka eo amin' ny ankohonana, mitatra any ivelan' ny fianakaviana, dia manampy anao hanana fiainam-pahasambarana."—*My Life Today,* p. 192.

**c. Inona no ohatra nomen' i Jesosy antsika? Efesiana 5:2.**

---

"Sarihiko ho eo amin' ny fiainan' i Jesosy hianareo, Ilay modely tonga lafatra. Ny fiainany dia nomarihin' ny asa an-tsitrapo. . . . Inona moa no sorona tsy nataony mba tsy ho very isika, fa hanana fiainana mandrakizay! Ho mora vidy tokoa ny lanitra raha manaisotra ny fitiavan-tena rehetra isika mba hahazoana azy."—*Testimonies,* vol. 4, p. 218.

## 4. VOATOTOTRY NY FITADIAVANA

**a. Manomeza ohatra olona iray ao amin' ny Baiboly izay tsy nahatoky tamin' ny fanaovany ny asany. Lioka 19: 2–7.**

"'Ilay lehiben' ny mpamory hetra,' Zakaiosy, dia Jiosy, ary halam-bahoaka. Ny toerany sy ny hareny dia azo tamin' ny asa izay nankahalain' ny olona, ary noheverina ho toy ny halatra sy fanambakana. Kanefa ity mpamory hetra mpanan-karena ity dia tsy mafy fo tanteraka araka izay niheverana azy. Ao ambadiky ny fitiavan-karena sy avonavona niseho tety ivelany dia nisy fo izay nandairan' ny herin' Andriamanitra."—*The Desire of Ages,* pp. 552, 553.

**b. Voatarika hanao inona izy? Lioka 19:8.**

"Ny fanahy voaova tsirairay, tahaka an' i Zakaiosy, dia maneho ny mariky ny fidiran' i Kristy ao am-pony amin' ny alalan' ny fandaozana ny fanao ratsy rehetra izay nanamarika ny fiainany. Tahaka ilay lehiben' ny mpamory hetra, dia haneho porofon' ny fahavononany izy amin' ny fanonerany ny ratsy vitany. Izao no lazain' ny Tompo, '... [Raha ny ratsy fanahy] mamerina ny natao tsatoka sady mampody izay nangalariny ary mandeha araka ny didy mahavelona ka tsy manao meloka... Ny fahotana rehetra izay nataony dia tsy hotsarovana aminy intsony; ka dia ho velona tokoa izy.' (Ezekiela 33:15, 16).

"Raha nandratra ny hafa isika tamin' ny fanambakana, raha tafahoatra ny tombony nalaintsika tamin' ny varotra, na nanao hosoka, eny fa na dia madio teo anatrehan' ny lalàna aza, dia tokony hiaiky ny fahadisoantsika isika, ary manonitra araka izay tratry ny hery. Rariny tokoa raha averintsika izay nalaintsika, kanefa tsy izany ihany, fa izay mety ho tombony azontsika tamin' ny alalan' ny fampiasana izany dia tokony haverina avokoa."—Ibid., p. 556.

**c. Iza ihany koa ilay mpandraharaha tsy mahatoky? Nahoana? Jaona 12:4–6.**

"I Jodasy no mpitam-bolan' ny mpianatra; naka antsokosoko avy tao amin' ny tahiry kely izy ka nampiasa izany ho an' ny tenany, nampihena ny fidiram-bolan' izy ireo izany ka lasa nanify dia nanify ny tahiry... Tsy nanana fo antra ny malahelo i Jodasy. Raha namidy ny menaka manitr' i Maria, dia ho niditra tany am-paosiny ny vola,dia tsy ho nahazo tombony tamin' izany ny mahantra."—Ibid., p. 559.

# *Alakamisy* 15 Jona

## 5. TORO-HEVITRA AZO AMPIHARINA

**a. Inona no toro-hevitra omena antsika mahakasika ny fiombonan-draharaha amin' ny tsy mpino? Amosa 3:3; 2 Korintiana 6:14, 15.**

---

"Maro amin' ireo izay lasa mpandraharaha no tsy mitandrina ny Sabata araka ny didy. Ny sasany miara-miasa amin' ny tsy mino, ka nanjary nisy fiantraikany tamin' izy ireo ny fironana ao amin' ireo mpandika ny didin ' Andriamanitra. Ny sasany tonga jamba ka tsy afaka nanavaka ny zava-doza amin' ny fikambanana toy izany, kanefa zava-doza lehibe indrindra izany satria fandrika tsy miharihary."—*Historical Sketches,* p. 215.

**b. Ahoana no tokony hitondrantsika ny raharahantsika, amin' izao ankatoky ny fiavian' i Jesosy izao? Ohabolana 22:29.**

---

"Ny finoana ny fahatomoran' ny fiverenan' ny Zanak' olona eny amin' ny rahon' ny lanitra dia tsy antony hanaovana ambanin-javatra ny asa fivelomana. Ireo miandry ny fisehoan' i Kristy tsy ho ela dia tsy midonana-poana, fa kosa olona miasa mafy. Tsy hataony antsirambina sy alasafay ny asany, fa amin' ny fahatokiana, hakingana, ary voakaly. Tandindomin' ny fahadisoam-panantenana lehibe ireo izay mihevitra fa porofon' ny fiainana ara-panahy ambony sy fisarahana amin' izao tontolo izao ny tsy firaharahana ny zavatry ny fiainana. Amin' ireo zavatra madinika no hanaporofoana ny toetrany, ny fahatokiany, ary ny fahitsiany. Raha mahatoky amin' ny kely izy ireo dia hahatoky koa amin' ny be."—*Testimonies,* vol. 4, p. 309.

# *Zoma* 16 Jona

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Toe-tsaina manao ahoana no tokony ho entintsika manao ny zavatra rehetra?**
2. **Inona no fisainana tokony halavirintsika mahakasika ny fahombiazan' ny asantsika?**
3. **Inona no azontsika ianarana avy amin' i Daniela tamin' ny fomba fiasany na dia tany amin' ny firenena jentilisa aza izy?**
4. **Inona no adidintsika raha nangalatra tamin' ny hafa isika?**
5. **Ahoana no tokony hanatanterahantsika ny asantsika, amin' izao ankatoky ny fiavian' i Jesosy izao?**

# Ny adidintsika eo amin' ireo fahefana ara-panjakana

**"Dia hoy i Jesosy taminy: "Aloavy ho an'i Kaisara ary izay an'i Kaisara, ary ho an'Andriamanitra izay an'Andriamanitra." (Matio 22:21).**

"Ny vondrona Kristiana marina, izay miompana amin' ny famitana ny asan' Andriamanitra dia sehatra sarobidy tokoa, tsy tokony ampifandraisina amin' ny politika izany, na atambatra amin' ny fikambanana tsy mpino."—*Fundamentals of Christian Education,* pp. 483, 484.

**Atolotra hovakiana:** *Testimonies,* vol. 6, pp. 394–397;
*Testimonies*. vol. 9, pp. 232–244.

## *Alahady* *18 Jona*

### 1. NY KRISTIANINA SY NY FITONDRAM-PANJAKANA

**a. Ahoana no tokony ho fihetsiky ny vahoakan' Andriamanitra manoloana ny fitondram-panjakana sivily. Romana 13:1–4; 1 Petera 2:13, 14, 17; Titosy 3:1. Inona no tokony hataontsika rehefa tsinontsiniavin' ny manam-pahefana eto an-tany ny didin' Andriamanitra? Asa 4:19.**

---

"Hitako fa adidintsika ny mankato ireo lalàn' ny tany izay misy antsika, raha toa ka tsy manohitra an' ilay lalàna ambony izay notononin' i Jehovah tamin' ny feo avo tao Sinay izany, didy izay nosoratan' ny rantsan-tanany tamin' ny vato fisaka."—*Testimonies,* vol. 1, p. 361.

**b. Hanao ahoana re ny fiaraha-monina misy antsika raha entina ho fehezin' ny herin' ny didin' Andriamanitra izany e? Isaia 48:18; 32:17.**

---

"Hitondra fiadanana sy soa eo amin' ny olona ny fankatoavana ireo fitsipik' Andriamanitra izay manana hery manova. Raha ireo tenin' Andriamanitra no mibaiko ny fiainan' ny lehilahy sy ny vehivavy tsirairay, raha avela ho fehezin' ny heriny ny saina sy ny fo, dia tsy hahazo toerana eo amin' ny fiainam-pirenena sy ny fiainam-piaraha-monina ireo faharatsiana rehetra misy ankehitriny ireo."—*Prophets and Kings,* p. 192.

## 2. TONGA ANISAN' NY FANJAKAN' ANDRIAMANITRA

**a. Na dia olom-pirenen' ny tany aza isika, ka ambany fahefan' ireo mpitondra izay notendren' Andriamanitra, aiza no toeram-piavi-antsika voalohany? Filipiana 3:20. Ahoana no ambaran' i Jesosy mahakasika ny Fanjakany? Jaona 18:36; Lioka 17:21.**

---

"Ny fanjakan' Andriamanitra dia manomboka ao am-po."—*The Desire of Ages,* p. 506.

**b. Ahoana no fomba hiainantsika Kristianina ireo fitsipiky ny fanjakan' Andriamanitra na dia eto an-tany aza? Jaona 3:5; 1:12, 13; Marka 1:14, 15.**

---

"Ny fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra dia tsy avy amin' ny fanapahan-kevitry ny fitsarana na ny fivoriam-be filan-kevitra na koa avy amin' ny fivoriam-ben' ny mpanao lalana, tsy avy amin' ny fahefan' olombelona eto amin' izao tontolo izao, fa amin' ny alalan' ny fiorenan' ny toetran' i Kristy ao am-pon' ny olona, izany dia asan' ny Fanahy Masina. 'Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, dia ireo izay tsy nateraky ny ra, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa naterak'Andriamanitra.' Jaona 1:12, 13. Io no hery tokana izay afaka miasa mba hanangana indray ny taranak' olombelona."—Ibid., pp. 509, 510.

**c. Inona koa no zavatra fantantsika mahakasika ny Fanjakan' Andriamanitra? Salamo 145:13; 2 Petera 1:11. Nanao ahoana no fiantraikan' izany tamin' ny fifandraisana teo amin' i Jesosy sy ny fanjakana teto an-tany?**

---

"Ny fahefana nisy tamin' ny andron' i Jesosy dia ratsy sady mpampahory; feno ny fitarainan' ireo nampahoriana ny tany,dia ny fanambakana, ny jadona, ary ny herisetra an-karihary. Kanefa ny Mpamonjy dia tsy nanandrana nitondra fanavaozana tamin' izany. Tsy nitolona nanohitra ireo fanararaotana teo amin' ny firenena izy, na nanameloka ireo fahavalom-pirenena. Tsy nifampiraharaha tamin' ireo mpitondra na mpitantana sy manam-pahefana Izy. Izy Ilay ohatra ho antsika dia nanalavitra ny fanjakan' ny tany. Tsy hoe akory tsy nampiraika azy ny fahorian' ny olona, saingy fantany fa ny vahaolana dia tsy avy amin' ny olombelona irery ihany na avy amin' ny fepetra ivelambelany. Ny vahaolana mahomby dia ny fanatonana ny olona tsirairay, mitsabo sy manasitrana ny fony."—Ibid., p. 509.

## 3. NY KRISTIANA, OLOM-PIRENENA MODELY

**a. Inona ireo tenin' i Jesosy mahakasika ny fianianana izay matetika no diso ny fandraisan' ny olona azy? Matio 5:34–37. Inona no tian' i Jesosy hambara amintsika ankehitriny?**

---

"Hitako ny tenin' ny Tompontsika manao hoe 'Aza mianiana akory'. 'Fa aoka ny teninareo ho Eny, "eny"; Tsia, tsia; fa izay mihoatra noho izany dia avy amin'ny ratsy'. Ireo dia manondro ireo resaka rehetra ifanaovantsika. Ny sasany dia manitatra amin' ny resaka izay ataony. Ny sasany mianiana amin' ny ainy; ny sasany mianiana ambonin' ny lohany, toy ny matoky tena fatratra fa azy ny ainy ary azy ihany koa ny lohany. Ny sasany miantso ny lanitra sy ny tany ho vavolombelona. Ny sasany manantena fa Andriamanitra dia hamono azy raha diso izay lazainy. Ny karazana fianianana toy izany no nananaran' i Jesosy ny mpianany. . . .

"Naseho ahy fa raha ilaina izany ankehitriny, raha antsoina ho vavolombelona manoloana ny fitsarana izy ireo, dia tsy mandika ny tenin' Andriamanitra ny zanany raha miantso an' Andriamanitra ho vavolombelon' ny fahamarinana irery ihany."—*Testimonies,* vol. 1, pp. 201, 202.

**b. Inona no tokony ho fihetsitsika mahakasika ny fanaovana politika? Nahoana? 1 Timoty 2:1–3; Hebreo 11:13. Nahoana no tsy afaka mifidy antoko politika isika?**

---

"Ny vahoakan' Andriamanitra dia mandevina lalina ireo resaka politika. Ny fahanginana no fahendrena mahakasika ireo loha-hevitra ara-politika ireo. . . . Tsy afaka mandatsa-bato ho an' ny antoko politika isika; satria tsy mahalala marina mahakasika ilay hofidina. Tsy afaka mandray anjara amin' ny hetsika ara-politika rehetra isika."—*Fundamentals of Christian Education,* p. 475.

**c. Nahoana no tokony handoa hetra isika? Matio 22:21; Romana 13:7.**

---

"Raha nihazona vola vy teny an-tanany, izay nahitana ny anarana sy ny sarin' i Kaisara Jesosy, dia nanambara fa hatramin' ny niainan' izy ireo teo ambany fiarovan' ny fahefana Romana, dia tokony hanefa izay adidy takian' izany fahefana izany izy ireo, raha tsy mifanohitra amin' ny adidy masina izany. Kanefa na dia miaina amim-pahatoniana eo ambanin 'ireo lalàn' ny tany aza izy ireo, dia tokony hanolotra voalohany indrindra ny fankatoavany ho an' Andriamanitra."—*The Desire of Ages,* p. 602.

## 4. OLOM-PIRENENA MITANDRO NY FILAMINANA SY TAN-DALANA

**a. Hatraiza no fetran' ny fitandroantsika ny fihavanana amin' ny hafa? Matio 5:9; Romana 12:18.**

"Tsy fahendrena ny mitsikera lava izay ataon' ny mpitondra fanjakana. Tsy anjarantsika ny miady amin' olona manokana na andrim-panjakana.

. . . Ny anjara asantsika dia ny manomana olona hijoro amin' ny andro lehiben' i Jehovah. . . .

"Tokony esorina ao amin' ny asa soratra sy ny teny avokantsika izay resaka rehetra mety hamaritra antsika ho toy ny mpanohitra ny lalàna sy ny filaminana. Tokony heverina tsara ny zava-drehetra, andrao dia hahatonga antsika ho mpanakorontana firenena sy tsy tan-dalàna. Isika dia tsy natao hiaika ireo manam-pahefana. Ho avy ny fotoana, izay hiheverana antsika ho mpamadika, noho ny fiarovantsika ny fahamarinan' ny Baiboly; kanefa aoka isika tsy hiantsy ady amin' ny alalan' ireo hetsika tsy ilaina izay hampirongatra ny fifanandrinana."—*Testimonies,* vol. 6, p. 394.

**b. Amin' ny fomba ahoana no ahafahan' ireo mpianatr' i Kristy mampivelatra ny fandriam-pahalemana? Romana 12:19–21; 1 Petera 3:8–11. Ahoana no tokony ho fihetsitsika amin' ireo rahalahy sy anabavintsika? Matio 7:12.**

"Tiava ny rariny sy ny fahamarinana, ary mankahalà ny haratsiam-panahy sy ny fampahoriana. Na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany. Mandrara anao tsy ho tia tena ny Tompo, ka hanao ny tsy rariny amin' ny hafa."—*The SDA Bible Commentary* [E. G. White Comments], vol. 7, p. 942.

**c. Inona koa no antony tsy andraisantsika anjara amin' ny ady? Jaona 18:36; Matio 26:51, 52; Lioka 9:56. Inona no toromarika nomen' ny mpanompon' Andriamanitra mahakasika ny ady an-trano tany Etazonia?**

"Naseho ahy fa ny vahoakan' Andriamanitra, izay harenany manokana, dia tsy afaka mandray anjara amin' io ady mahasahiran-tsaina io, satria mifanohitra amin' ny foto-pinoan' izy ireo izany. Any anivon' ny tafika dia tsy afaka hampiaraka ny fankatoavana ny fahamarinana sy ny fankatoavana ny baikon' ireo mpifehy azy izy. Hampanginina lalandava ny feon' ny fieritreretana. Ny olon' izao tontolo izao mantsy dia fehezin' ny fitsipik' izao tontolo izao. Tsy afa-manoatra amin' izany izy ireo. Ny politikan' izao tontolo izao sy ny fisainam-bahoaka no mandrafitra ny fitsipiky ny asa izay mibaiko azy. . . .Kanefa ny vahoakan' Andriamanitra dia tsy afaka hilefitra eo amin' ireo firehana ireo."—*Testimonies,* vol. 1, p. 361.

# *Alakamisy* *22 Jona*

## 5. AHOANA NO FIATREHANA NY TSY RARINY

**a. Ahoana no tokony hifandraisantsika amin' ireo manao zavatra tsy rariny amintsika, eny fa na dia eny anivon' ny fahefana ara-panjakana aza? Romana 12:19; Kolosiana 4:6; Efesiana 4:29.**

---

"Avelao ho an' Andriamanitra ny fanamelohana ireo fahefana sy fitondram-panjakana izay eo ambany fijeriny tanteraka ihany koa aza. Amin' ny fahalemem-panahy sy fitiavana dia andeha isika, tahaka ny mpiambina mahatoky, hiaro ny foto-kevitry ny fahamarinana, amin' ny maha ao amin' i Jesosy antsika."—*Testimonies,* vol. 6, p. 397.

"Rehefa kristy sy ny lanitra no lohahevitra banjinina mandrakariva, dia haneho ny fahamarinan' izany ny resaka atao. Ho hita eo amin' ny resaka atao ny fahasoavana, ary hampiseho ilay miteny fa nahazo fanabeazana tao amin' ny sekolin' Ilay Mpampianatra Masina izy."—*Counsels to Parents, Teachers, and Students,* p. 443.

"Tahaka ny ando sy ranonorana ho an' ny fanahy ny teny feno fahalemem-panahy."—*Gospel Workers,* p. 122.

**b. Ahoana no tokony hanarahantsika ny ohatra nasehon' i Jesosy amin' ny fanompoantsika ny hafa rehefa ho tojo ny lalàna miantso antsika hivavaka Alahady isika? Asan' ny Apostoly 10:38.**

---


"Rehefa manokana ny andro Alahady hanaovana asa misionera isika, dia hoesorina eo an-tanan' ireo mpandray an-tendrony ny rotsa-kazo famelezana, dia ireo ho faly amin' ny fanambaniana ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Rehefa hitan' izy ireo fa ampiasaintsika amin' ny famangiana sy fampianarana Baiboly ny andro Alahady, dia ho fantatr' izy ireo fa tsy ilain' izy ireo ny hanakana ny asantsika amin' ny fametrahana lalàna momba ny Alahady."—*Testimonies,* vol. 9, pp. 232, 233.

# *Zoma* *23 Jona*

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Inona no adidintsika manoloana ny lalàna eo amin' ny firenena misy antsika?**
2. **Nahoana Jesosy no niala lavitra ny fitantanam-panjakana teto amin' izao tontolo izao?**
3. **Ny amin' ny lafiny inona no tsy tokony hifidianantsika,ary nahoana?**
4. **Nahoana isika no tsy tokony hanakiana ireo mpitondra fanjakana?**
5. **Ahoana no ahafahantsika mijoro vavolombelona tsara amin' ny alalan' ny teny ataontsika? Ahoana no mahatonga ny tenintsika ho tonga fijoroana vavolombelona ratsy matetika?**

# *Fanatitra amin'ny sabata voalohany*




**1 Aprily 2017**
ho fanitarana ny fiangonan' i Moscow

**6 May 2017**
ho an' ireo Misiona maneran-tany






**3 Jona 2017**
ho an' ny fananam-piangonana ao Madrid